7-19/05/19 Fivoriamben'ny LUCCEA, nankatoavana ny asan'ny Vaomiera manokana nandamina ny rafitra sy ny fomba fiasa ahazoana mahatafavoaka ny LUCCEA. Fifidianana ireo olona hanatanteraka ny asa ao anatin'ny Tetezamita (2019-2020). Ka ireto no lany: President: Bishop Dr Frederick SOO, ELCT Vice President: Bishop Yonas Dibisa, EEMCY General Secretary: Rev Luke MOLOLO, KELC Associate General Secretary: Miandry ny fivorian'ny Komity fa mbola fandaminana Mpandrindra ny asan'ny Vehivavy: Rev Solange, DRC Mpandrindra ny asan'ny Tanora: Rev Rado Solomon RAJAONARISON. Notsindriana mafy teto ny mahasarobidy ny fandoavana ny adidy ho marika fa tompony tokoa ary vonona hampandroso ny asa ny mpikambana rehetra. Isan'izay tena be trosa tokoa isika FLM.
12-19/06/19 Komitin'ny LWF tao Geneva fa tsy nanatrika aho noho ny fandraisana ny fianakaviana sy ny nofo mangatsiaka Pastora ANDRIANARIJAONA Germain, ary ny fanotronana hatrany amin'ny fitarihana sy fanatanterahana ny Ritoalim-pandevenana tany Ankaramalaza. Niera tamin'ny LWF aho satria efa nividy Billets izy ireo ary efa azo soa aman- tsara koa ny VISA.
18-26/07/19 Voasa nanatrika ny Fivoriambe faha-67 ny LCMS natao tao Tampa, Florida, USA. Niezaka nianatra zavatra maro.
07-13/09/19 Isoraka, Antananarivo, teto amin'ny Foibe FLM, Fivoriana iraisam-pirenena ka nosokajiana ho isan'ny raharaha ivelany. Manana ekipa mandinika akaiky ny fifandraisan'ny LOTERANA sy ny PENTEKOTISTA ny LWF. Tahaka izay efa nataon'ny LWF sy ny EKAR ka niafara tamin'ny fanamabarana iombonana. Efa nivory tany Phillipines ireto ekipa ireto tamin'ny 2016. Nankalaza niaraka ny faha-500 n'ny Reformasiona tao Wittenberg tamin'ny 2017. Namangy tany Chilli, Amerika Latina tamin'ny 2018. Misolotena ny Afrikana isika Malagasy nampiantrano ireto Ekipa ireto teto amin'ny Foibe FLM. Fa nanasa Malagasy maro nandray anjara tamin'izany fiaraha-midinika izany ny LWF: Pastora Dr RABEMANANTSOA Noel, Pastora Dr RANDRIANASOLO Joseph, Pastora Dr RAKOTONIRINA David, Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donne. Isaorana etoana ireo ekipa teknika niasa mafy, nanomana sy nampian-trano ny vahinintsika. Nanolotra fankasitrahana antsika noho izany ny LWF. Mbola tsy ho vita vetivety ny fiaraha-midinika ary handalo ny fankatoavan'ny Komitin'ny LWF vao hohitantsika ny fehikevitra vokatr' izany. Ny Pentekotista tonga nidinika teto dia ilay antsoina hoe: Pentekotista tradisionaly. Raha eto amintsika dia ny Assemble de Dieu hono no mifandray amin'izy ireo. Fa raha ny marina dia mizara maro be ireo sokajy Pentekotista eto amintsika. Misy hoy izy ireo ny Pentekotista vaovao. Ireo izay tonga niaraka nidinika dia mampianatra koa ny FAHOTANA NOLOVANA.

III.2 Teto an-toerana
Birao Foibe

23/05/19 Birao Foibe sy ny Ekipa Fanarenana ny FLF teto Isoraka.
30/05/19 Birao Foibe sy Filoha SP, Fanomanana NY KMSL 141, nojerena Mialoha ireo lahadinika samihafa.

31/05-05/06/19 KMSL 141 VONDROZO.
01/08/19 Birao Foibe tao Ankaramalaza.
13/08/19 Birao Foibe, Mpandinibola KMSL, Birao SALFA, Birao SPAf, Tale sy Mpiasa MASO Fianarantsoa, namahana ny olana lalipaka efa naharitra tao. Miditra manao fanarenana avy hatrany ny SALFA FOIBE. Mamerina ny vola sy fitaovana rehetra any aminy Atoa RAJAONA. Vita izay vao miala izy.
19/08/19 Namory ny Birao Foibe sy ny Tonia ary ny Tale mbamin'ny Mpandrindra rehetra. Namaha ny olana momba ny 153 tapitrisa avy amin'ny NMS, Fijerena ny ho fanatsarana ny fiaraha-miasa ka hampaharitra ny asan'ny FLM, manondro mazava fa mila ampaham-bola avy amin'ireo tetikasa ho an'ny Foibe FLM, ohatra 7% na 6%. Nanomana ny fandraisana ny fivorian'ny LWF.
19-23/08/19 Atrikasa momba ny PND sy ny Planina Stratejika. Manomana ny hevitra sy fomba fiasa matotra matanjaka hatolotra ny KMSL 142. Nomena toerana betsaka ny momba ny FIZAKATENA FLM. Noho ny tsy fahasalamana dia tsy nahatafita hatramin'ny farany aho fa voatery niditra Hopity.

I. SAMAM-PIKAMBANANA SY SAMPAN-DRAHARAHA

09/05/19 STPL ATSIMONIAVOKO, Fampianarana
21-22/05/19 FAFITO, FAFAFI VATOMANDRY, KM sy Fampahatanjahana ny Leadership ireo mpiara-miasa.
29/05/19 STPL VANGAINDRANO, Fampianarana
22-23/06/19 Famoahana Mpianatara STPL 15 sy BAT 79, nanao fampianarana, nitoriteny, nitarika ny lanonana Akademika nizarana ny Diplaoma.
23/06/19 Famaranana ny Fetitsekoly SEFAFI TOMBOTSOA, nanolotra loka samihafa.
29-30/06/19 SPFT, KATEDRALY, Ivon'ny Jobily faha-50 taona TMM.
08/07/19 Fiaraha-midinika amin'ireo Filohan'ny Oniversite Martin LOTERA sy ny Mpiara miasa aminy.
16-17/07/19 SFM, FANDRIANA, Famoahana ireo MPAMPIANATRA Niveau I sy Niveau II, andiany MAMIRATRA, Toriteny sy fitarihana ny fanolorana ny Diploma. Nanterina teto fa tokony efa hampiana ny Niveau III eto fa efa manana Oniversite isika izao. Mila ireo Mpampianatra ireo koa ny Sekolintsika. Nitarika ny fivorian'ny Komity Jobily faha-50 taona SFM sy nandamina tsara ny ahazoana fahombiazana ka manentana antsika isaky ny SP mba samy hikely aina hanohana ity toerana tena sarobidy ity. Latsa ho antsika raha sanatria rava na simba fa lova sarobidy be!
Nitarika ny KM SFM ary namaha olana mavestra momba ny fitorian'Atoa Naina izay efa zatra mitory ny FLM sy nahazo fandresena tamin'izany.
31/07/19 Birao FIFIL Nasionaly, teto Ankaramalaza
03-07/08/19 KNFIFIL Vangaindrano
12/08/19 Famangiana ny SEFAM, dinika manokana tamin'ny Tale ho Fampandrosoana ny asa.
24/08/19 KM SALFA teto amin'ny Foibe FLM teto Isoraka
21-22/09/19 Fanokafana Ofisialy ny Oniversite Martin Lotera, Fidirana Ofisialy ny SALT, Famoahana Mpianatra Licence sy Master.
22/09/19 Nitarika ny fivorian'ny Dr rehetra teto amin'ny SALT niaraka tamin'ireo Filohan'ny Oniversite Martin Lotera, nanomana ny ho avy.
23/09/19 Fivorian'ireo Sojaben'ny Sampana rehetra ato amin'ny Oniversite Martin Lotera niarahana tamin'ireo Mpandrahara sy Filohan'ny Oniversite.
24-29/19 Zaikabe FD FLM, tao Antsirabe, Alitara sy Toriteny fanokafana ary toy izany koa ny famaranana ny Zaikabe.

FANDRINDRANA
10/05/19 COCO MIARA-MIANATRA
01/06/19 COCO MIARA-MIANATRA
12/06/19 COCO AMI
01/07/19 COCO DIAKONIA
15/07/19 COCO EMPOWER
24/09/19 COCO EMPOWER

FFPM SY FFKM
12/05/19 Fanokafana ny Jobily faha-50 taonan'ny FOFIKRI. Nitoriteny sy nanokatra ny Jobily.
11/05/19 Birao KP, tao @ Akany Behoririka, sady famangiana
12/06/19 Dinika famahana olana niarahanay Filoham-piangonana FFPM
24-25/06/19 Famahana olana amin'ny tany Vavahadin'ny Filazantsara ao Toamasina.

Nanao fanorenana ao ny FJKM, nefa efa tonga tao koa ny FOFIKRI, araka ny fanapahan-kevitry ny KP hanorenana ny FOFIKRI Annexe, any Toamasina.
09/07/19 Birao KP, tao amin'ny Manonga, Akany Faravohitra, ao Ambatovinaky
15/07/19 Famahana olana niarahanay Filoham-piangonana FFPM niatrika. Mikatsaka izay hampandroso hatrany ny FFPM, indrindra ny famahana olana ny APU.
16/07/19 Famoahana ny Mpianatra ISPPM, Institut Superieur Protestante Paul Minualt, Licence Profesionnelle @ Agro sy Elevage.
11/08/19 EKAR, Fanosorana Eveka Mpanampy Antananarivo, tao Mahamasina. Ramatoako no nisolotena ny FLM fa raikitra tany Miandrivazo aho.
23/08/19 Fanokafana ny faha-40 taona FFKM ka ny Pastora Dr RAKOTONIRINA David, Filohan'ny FLM, no nitoriteny, I Kor.1:10b.
19/09/19 Birao KP, tao Vohipiraisana. Nandamina ny AG 17 sy famahana olana samihafa.

FIFANDRAISANA IRAISAM-PIRENENA

22/05/19 Fandraisana amin'ny fomba fifanajana ny Filoha vaovao FPMA sy ny Delegasiona niaraka aminy, Seta RASOLONDRAINIBE, Mpitandrina. Nanolotra koa ny hetahetany hifandray sy hiara-miasa amin'ny FLM sy ny FFPM.
23/05/19 Fandraisana amin'ny fomba fifanajana ny Solotena vaovao ny NMS, Mme Sandra Bischler. Nanamafisana ny fiaraha-miasa sy nanindriany ny fomba fiasa iraisam-pirenena. Nangatahany ny ahavitana ny lalam-pifidianana sy ny Drafitr'asa Stratejikan'ny FLM.
27/05/19 Namangy anay Filoham-piangonana FFKM teto amin'ny Foibe FLM teto Isoraka ny Delegasionan'ny SADC, nandalina momba ny fifidianana.
12/06/19 Diniky ny Filoham-piangonana FFKM tamin'ny Tonia FMBM.
26/06/19 Fetin'ny faha-59 taonan'ny FAHALEOVANTENA sy ny Foloalindahy Malagasy, teo Mahamasina, niarahana tamin'ny Filoham-pirenena sy ny vahoaka Malagasy.
08/07/19 Nandray ireo Solotena Africa-Israel Initiative, Ny Eveka Mulinge, Filoha sy Pastora Josten mivady, teto amin'ny Foibe FLM.
08/07/19 Nandray Dr Nesa mivady sy Mme Elisabethe, GHM, nampiofana ny SALFA
08/07/19 Nandray ireo Pastora Sinoa: Pastora Francis sy Pastora Lily vadiny, ao Behoririka, nandamina ny famangiana hataony sy manomana ny fandraisana ireo Pastora vaovao hisolo toerana azy ireo, Pastora John mivady.
09/07/19 Nanokatra ny Konferansa momba ny fifandraisana amin'ny Israely, tao amin'ny FLM AMBATOVINAKY. Tonga nanotrona izany fotoan-dehibe izany ny DGPP, Atoa Augustin ANDRIAMANANORO.
09/07/19 Nivory tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika tao Ambohitsirohitra, niaraka amin' ireo Tale sy Mpandrindra Nasionaly, nifampidinika tamin'Atoa Augustin ANDRIAMANANORO sy ny mpiara-miasa aminy, nikatsaka ny fomba ahazoana miara- miasa ho fampandrosoana.
26/07/19 Niarahaba ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena, Rtoa RAZANAMAHASOA Christine sy ireo Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary ireo Solombavam-bahoaka Loterana vitsivitsy ny Birao Foibe FLM sy ireo Ekipa FFKM (Birao Foibe sy SEFIP).
13 sy 19/08/19 Fihaonana tamin'ny Mme Dominique Palan, mpandraharaha avy any La Reunion, nanome fanampiana ho an'ny FOFAMA sy ny Fitaizana Ankizy sahirana any amin' ny SPFT, izy.
24/08/19 Niaraka amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Rtoa RAZANAMAHASOA Christine, sy ny Filoha lefitra Atoa RABENIRINA Jean Jacques namangy an'i Pastora Fredy, SPBA, efa tena marary mafy ao amin'ny HJRA.
07/09/19 Nitarika ny FFKM, fa tsy teto an-toerana ny Filoha, izay ny Filohan'ny FJKM, ka nandray ara-pomba fanajana ny Papa François, amin'ny maha Filoham-panjakana azy, teny amin'ny Lapam-panjakana teny Iavoloha tamin'ny tapany maraina. Nitondra ny fitenenana tamin'ny fanolorana ny Baiboly DIEM sy Lamba Landy ny Papa, avy amin'ny FFKM, teny amin'ny EKAR Andohalo, amin'ny maha Filoham-piangonana azy.Tsy afaka nanatrika ny teny Soamandrakizay ny Alahady ka nanolotra fialan-tsiny satria nitarika ny vahiny avy amin'ny LWF sy ny Pentekotista indray, tao Antsahamanitra, Isan-taona SPAnta.
07-13/09/19 Natao teto amin'ny Foibe FLM teto Isoraka ny Fiaraha-midinika eo amin'ny LWF na FFLET sy ny Pentekotista Eran-tany. Fivoriana fahaefa ity taorian'ny natao tany Philipines, Asia, tamin'ny 2016, tao Wittenberg, Eropa, tamin'ny 2017, tao Chili, Amerika Atsimo, tamin'ny 2019. Isika eto Madagasikara no misolotena an'i Afrika. Nandray anjara mavitrika isika FLM, nampahafantatra sy nampiaina ny FIFOHAZANA eto amintsika. Tsy mbola misy fehikevitra mivoaka. Tsy tokony hisy atahorana hanimba ny FLM. Marihina fa efa ao anatin'ny faha-20 taonan'ny sonia nifanaovan'ny LWF sy ny EKAR isika izao.

FAMPIOFANANA SY ATRIKASA NATAO

10-11/05/19 Fampiofanana ny FD/SPAnta, tao Tsiroanomandidy.

13-16/05/19 The Africa Lutheran Church Leadership Consultation (ALCLC) tao Moshi, Tanzania, nandinihina ny hoe: Fisainana indray ny Misiona holistika aty Afrika ankehitriny.

12-13/09/19 Atrikasa momba ny famahana olana "Conflict Awarness" natao teto amin'ny Foibe FLM teto Isoraka.

TSARA HO FANTATRA

Tatitra FANAPAHAN-KEVITRA KMSL

Misaotra ny ekipa teknika fa nivoaka tamin'ny endriny elektronika iray volana monja taorian' ny KMSL 140 ny tatitra. Tokony ho efa nahazo izany isika rehetra. Raha sanatria mbola misy tsy manana adiresy email dia iangaviana indrindra mba hanokatra fa tsy andoavam-bola io. Raha sendra mbola misy ilana ny kopia fizika dia aoka samy hanao printy ny azy. Fa raha ny politika iraisam-pirenena no resahina dia tafiditra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny tsy fampiasana kopia fizika. Noho ny politika fitsitsina dia mihevitra koa izahay fa tsy haniraka ny TPFLM intsony hamoaka kopia fizika amin'ny manaraka.

Fanendrena Mpampianatra

Nanolo-kevitra anay Birao Foibe, ny Filohan'ny FLM misotro ronono, Pastora Dr RAKOTO Endor Modeste, fa tsara raha tendrena hampianatra an-tselika ao amin'ny SALT manomboka izao volana Oktobra izao Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donne, noho ny traikefa niainany sy ny fianarana noratoviny momba ny Misiolojia sy ny FIFOHAZANA. Koa amin'izay iatrehana ny ho avy tsara kokoa sy mafy orina kokoa dia tandrify raha omena io andraikitra io izy miaraka amin'ny asa efa nifidianan'ny FLM azy rahateo. Mbola mila ny Tso-dranon'ny KMSL ny SALT vao afaka miroso amin'izany. Naha resilahatra anay io ary hita fa hahasoa tokoa ka dia efa nampiomana avy hatrany ny Tonian'ny FLM izahay handamina tsara ny asany sy handray anjara amin'ity fampianarana ao amin'ny SALT ity.

DANMISSION

Nandao tanteraka an'i Madagasokara ny Solotena DANMISSION Mme Agyedho Othwonh Bwogo, tamin'ny 19 Jolay 2019. Mme Holy RAJAONARISON no manao ny fandraharahana eto Madagasikara hatramin'ny Desambra 2019. Miara-miasa aminy ny Mr Louis any Tanzania sy Mme Karen avy any Danmark. Nanolotra fanomezana maro izy talohan'ny fandehanany: Fiara Toyota ho an'ny SHALOM, Imprimante ho an'ny SALT, fitaovana samihafa ho an'ny IRA. Isaorana feno izy ireo.

FFKM

Mankalaza ny faha-40 taonany ny FFKM. Efa vita ny fanokafana Ofisialy. Any amin'ny Komity Foibe any Mananjary ny 27 Nov. hatramin'ny 02 Des. 2019 no hankazana azy koa. Samy mankalaza isaky ny Faritany FFKM koa. Amin'ny ankapobeny dia isika FLM no mitarika amin'ny 2020 fa tsy misakana ny tranga manokana samihafa any izany. Tsy azo terena hanaraka io ny lamina efa misy isan-toerana.

Tsy fahasalaman'ny Filohan'ny FLM

Noho ny hasasarana tafahoatra dia voatery nampidirina Hopitaly tao amin'ny TPLA ny Filoha n'ny FLM tamin'ny 21-23/08/19. Tsy maintsy nalefa naka rivotra tany Mahajanga koa tamin' ny 30/08-06/09/19.

FLM SINOA AO BEHORIRIKA

Mandroso tokoa ny asa ao. Miantso anay matetika mamangy azy ao izy ireo na tonga manao tatitry ny asany ao Isoraka aza. Mitombo ny fikarakarakana ara-panahy. Mitombo ireo Sinoa voatarika sy tonga mivavaka ao. Mamangy azy ireo matetika aty koa ny Evekany avy any Malaysia izay mpiara-miasa akaiky amiko satria samy Komitin'ny LWF izahay roalahy.

Mandroso be ny DIAKONIA: noho ny fiaraha-miasantsika aminy dia efa misokatra sy mandroso tsara ny Sekoly ho an'ireo zanaky ny Sinoa. Mivelatra toy izany koa ny Dispensera FLM AGAPE, izay ahitana Dr Malagasy sy Dr Sinoa. Fa manao fanomezana betsaka izy ireo na teny amin'ny Akany Ambohidratrimo na tao amin'ny FOFAMA, na tany amin'ny SDL ANTSIRABE, momba ny fiahina ireo vehivavy sahirana, sy ny maro hafa tsy ho voatanisa. Isaorana Jesosy manamarina ny Teniny fa ho fitahiana ny firenena rehetra, tokoa isika, Gen.12:3b.

FIVORIAN'NY FILOHAN'NY SP SY NY PS FJKM

Efa nangina teo aloha iny ny resaka fifanakalozana Alitara iny. Fa rehefa nivory ny Teknisiana momba ny fanaovana Tafika Masina miaraka, dia nahita fa ilaina aloha ny fiaraha-midiniky ny Filoha SP sy ny PS FJKM. Kasaina hatao any Toliara amin'ny 23 Novambra 2019 izany, araka ny tolo-kevitry ny Birao KP. Samy maniry io fatratra na ny FFPM na ny FFKM.

Fidirana Ofisialy ny OML

Asaina isika mambra KMSL rehetra ho tonga hanatrika ny Fidirana Ofisialy ny OML, hatao eto Ivory Avaratra ny 22-23 Janoary 2020. Hetsika lehibe miavaka no kendrentsika hatao ka manainga antsika rehetra hiaraka misalahy. Fampahalalana bebe kokoa ny OML sy ny Fampianarana fanokafana araka ny fomba Akademika.

SALFA SAMBAVA

Isan'ny nandaniana fotoana sy hery tokoa ny fanarenana ny SALFA Sambava. Betsaka ny Lesoka ary tsy ho fitsijovana fotsiny SPAVA fa ny fibanjinana mihitsy ny FIZAKANTENA FLM manontolo no ao an-tsaina. Betsaka ny ezaka efa vita sy ny fiovana efa azo. Maro ny vokatra mbola andrasana noho ireo fanapahan-kevitra rehetra efa noraisina. Isaorana ireo mpandray anjara mavitrika rehetra: Mpandinibola KMSL, Foibe SALFA, Birao Synoda SPAVA ary ny KM SALFA SAMBAVA.

SALFA FIANARANTSOA

Isan'ny nisedra olana lehibe koa ny SALFA Ivory Atsimo Fianarantsoa. Efa nanaovana ezaka lehibe ary na dia mbola misy zavatra mila fanarenana aza dia ampoizina fa mizotra ho amin'ny fahatsarana hatrany. Isaorana ny fandraisana andraikitra nifanomezan-tanana: SALFA FOIBE, Birao SPAf, KM SALFA Ivory Atsimo, tamin'ny fitarihanay Foibe FLM.

MASO FIANARATSOA

Olana naharitra sy efa niverina KMSL matetika izy ity. Manana ny fombany sy ny fiasany Jesosy. Nipoaka tao ny olana rehefa niotrika ela. Efa nifampidinika maharitra izahay tompon' andraikitra rehetra ary niaraka nivory teto amin'ny Foibe FLM teto Isoraka ny FOIBE FLM, Mpandinibola KMSL, Foibe SALFA, Birao SPAf, Solotena Mpiasa SPAf. Isaorana Jesosy fa efa manomboka ny fanarenana na fomba fiasa na fitantanana vola sy fananana.

IREO TETIK'ASA ATO AMIN'NY FLM

Noho ny olana maro amin'ny lafiny samihafa atrehina dia nantsoina nivory teto amin'ny Foibe FLM teto Isoraka ireo Mpitantana Tetik'asa sy tompon'andraikitra rehetra. Nohamafisina tamin'izany ny maha tompon'ny Tetik'asa ny FLM ka tsy hanaterana ny olana sy zava-manahirana fotsiny fa mba tena ho mpisitraka koa ny vokatsoa avy amin'izany. Tsy Fitaovana hampahombiazana ny Tetik'asa fotsiny ny FLM fa mba ho tompony misitraka ny FIZAKAMANANA rehetra amin'izany. Mbola betsaka ny olana mila alamina momba izany ka ifanatrehana sy ifanakalozana-kevitra koa amin'ireo Mpiara-miombon'antoka. Tsy mora ny miala amin'ny fahazarana araka ny fomba fifandraisana tany aloha hiatrehana ny hoe: MPIARA-MIOBONA ANTOKA.

Olana FLM ANTANIMANDRY, MASINANDRAINA, SPAM

Olana efa tena ela ity. Ny fidongian'i Pastora RAFALIMANANTSOA Charles, tsy hifindra, mandà ny fanapahan-kevitra SPAM no niandohany. Efa nifindra soa aman-tsara io Pastora io taty aoriana, saingy mbola manome saina fanakorontanana ny fiangonana hatrany. Voatery ny SPAM nanongana ireo Biraom-piangonana, fa mbola nanohy ny fanoherana sy ny fisolokiana hatrany amin'ny Fitsarana sy ny TVM izy ireo. Niditra ankeriny tsy nahazo fanendrena tao ary mody nilaza ho mpandamina kanjo tena mpisoloky sy mpisandoka koa ilay Pastora efa nandao ny FLM efa ela tokoa, ANDRIATEFY Solo Mpanarivo. Sasatra ny mitory eran'ny Tribonaly misy: Antsirabe, Ambatolampy, Anosy. Tonga hatrany amin'ny fiakarana Fitsarana Ambony. Manampy tsara ny Prefet Antsirabe, hatramin'ny nisakanana anay (Filohan'ny FLM, Filohan'ny SPAM, Mpitondra Fileovana Masinandraina, tsy hiditra tao ANTANIMANDRY sy ny herisetra natao taminay. Mpitandro Filaminana nirahin'ny Prefet no nanavotra anay tamin'io 17 Marsa 2019 io. Fa miverina any ifotony indray ny famotorana ataon'ny Zandarimaria noho ny fitoriana tsy misy fihatoana ataon'ireto olona ireto. Marihina mantsy fa misy Misionery mahita tombotsoa amin'ny fikorontanan'ny FLM ka miditra ao an-damosin'izany ady izany. Misy koa tena Komity sy tompon'andraikitra ambony ato amin'ny FLM fa miditra manamafy izany fitoriana izany.

Olana SPAA, TOBY MAHAVELO

Mampalahelo fa misy fifampiandaniana mavesatra ao amin'ny SPAA. Saiky niteraka fizarana Synoda izany fa voalamina ihany. Miteraka zava-manahirana samihafa anefa izany. Iray amin'ireny ny famindrana Pastora nataon'ny KMSP tamin'ny Joaly. Tsy nety nifindra Pastora TSIATREFO Paulin rehefa nihevitra fa tsy tandrify io famindrana io, sady Talen-tSekoly izy no Talem-Paritra FFL SPAA. Niditra antsehatra daholo ny Depiote, ny Mpitandro Filaminana, ny Prefet, ny Filohan'ny Fitsarana, ny Lehiben'ny Fampanoavana. Efa nirahina tany antoerana ny Tonia Lefitry ny FLM, ny Filoha lefitry ny FLM. Efa nanao dingana betsaka sy dinika betsaka izahay amin'ny maha Filohan'ny FLM.Tafapetraka ny Pastora Arsene izay notendren'ny KMSP ho amin'ny Toby Mahavelo. Efa niala tao amin'ny Toby koa Pastora TSIATREFO Paulin, fa tsy namonjy ny toerana nanendrena azy. Nitaraina koa ireo olona nilaza fa voaroaka niala tao amin'ny Toby satria hono niaraka tamin'i Pastora Paulin. Miha matanjaka ny fikomiana ataon'ny ao Amboasary.

X. LAHADINIKA

1. *Faneva 2020:* **II Kor.9:10b-11a**

"...dia hanome sy hahabe ny voa afafinareo ary hampitombo ny vokatry ny fahamarinanareo, dia hanankarena amin'ny zavatra rehetra ianareo ka handroso amin'ny hitsim-po."

2. *FANATANTERAHANA ZAIKABE*

Fanatsarana ny fiaraha-miasan'ny SP mpandray vahiny sy ny Sampana manatanteraka Zaikabe. Efa noresahintsika ity fa mbola matanjaka ny fifandirotana misehо ka aoka halamina tsara. Efa noresahintsika koa ny hoe: Manao Rakitra hibanjinana ny FIZAKANTENA FLM ny Zaikabe fa tsy mbola tanteraka izany ka mila fanamasahana.

3. *TOLO-KEVITRA MOMBA NY DAS FLM 2020-2024*

Ho tohin'ny PNFD tany Antsirabe tamin'ny Janoary 2019 dia natao tao Ivon-toeran'ny CNaPS teny Vontovorona-Antananarivo, ny fivoriana niarahan'ny Birao Foibe FLM sy ny Filohan'ny SP nampian'ireo Teknisiana, nandinika akaiky ity DAS FLM ity. Nibanjina tanteraka ny FIZAKANTENA FLM anefa ny resaka ka atolotra antsika eto izany. Ho tohizana hatrany amin'ny manaraka ny famitana ny PND sy ny DAS.

4. LCMS

Araka ny tapaky ny KMSL 141 dia hatolotra ho dinihina eto amin'ny KMSL 142, fanintelony izao ny lahatsoratra momba ny fandaminana ankapobeny hanokafana ny fiaraha-miasa amin' ny LCMS momba ny DIAKONIA.

5. IELR na ny Fiangonana Loterana Mahaleotena ao Rwanda.

Nahatonga fangatahana mba ho fiangonana rahavavy ny IELR ka efa nampitainy aty ny Lalam-panorenany mba ho dinihintsika.

6. CODE DE CONDUITE:

Jerena ny avy amin'ny SALT sy ny Miara-Mianatra ka hamoahana FITSIPIKA iray ho an'ny FLM manontolo.

7. Karatry ny vita batisa FFKM
8. Lalam-panorenana FFPM
9. Fitsipika Anaty FFPM
10. Fanendrena an'i Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donne, ho Mpampianatra an-tselika ao amin'ny SALT/OML.

11. FIFIDIANANA :
    a- Doyen Sekolin'ny Mozika
    b- Doyen Sekoly Leadership sy Management
    d- Tale FFL

12. FIZARANA FILEOVANA (Jereo fangatahana avy amin'ny SP)
13. LAHATENY SAMIHAFA (Jereo boky manokana momba ny Lahateny) IREO LAHADINIKA AVY AMIN'NY TATITRA ETO @ KMSL 142.
14. Ireo rehetra tsy vita tany amin'ny KMSL 141 tany Vondrozo

Natao teto Isoraka, anio 30 Septambra 2019

Ny Filohan'ny Fiangonana Loterana Malagasy

Pastora Dr RAKOTONIRINA David

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY (F.L.M)
(EGLISE LUTHERIENNE MALAGASY- MALAGASY LUTHERAN CHURCH- GASSIK LUTHERSK KRKE)
NY SYNODA LEHIBE (S.L.)
(Le Synode General – The General Synod – General Synoden)
NY TONIA - LE SECRETAIRE GENERAL - THE GENERAL SECRETARY
JesosyIrerylhany

19, Rue Jules Pochard
IMMEUBLE SALFA – ANDOHALO
B.P: 1741 – 101 Antananarivo
Madagascar

Tel mobile : 032 04 318 48 033 57 522 23 034 51 487 05
032 11 422 01 FLOTTE 034 05 034 96
E-mail :randriaddonne@yahoo.fr

BNI Analakely Antananarivo
Nº 01031 003 8 020 000
Nº 01026 835 4 020 000

TATITRY NY TONIAN' NY FLM ATOLOTRA NY KMSL 142 IZAY HIVORY AO AMIN' NY FLM IVORY AVARATRA RENIVOHITRY NY FILEOVANA IVORY AVARATRA SYNODAM-PARITANYAFOVOANY–SPAf NY 22- 28 OKTOBRA 2019

FANEVA: "…**fa efa nanisy soa ahy Andriamanitra ka manambe aho**" (Gen.33:11b)
"**Kristy Jesosy fanantenantsika…"** (I Tim.1:1b).

Manana amby ampy ny fanomezan' Andriamanitra ka sahaza hananan' ny rehetra. Fa izay nandray koa dia tandrify ny hanome sy hizara ho an' ny hafa.(Gen.33:11b). Iainana izany faneva izany amin' izao fotoana fotoan-jobily izao ka ifikirana amin' ny faneva hoe:
"Kristy Jesosy fanantenantsika". (ITim.1:1b)

0. TENY FAMPIDIRANA

Izao tatitra izao dia momba ny asa natao ,ny Mey 2019 ka hatramin' ny Oktobra 2019, teo anelanelan' ny KMSL – 141 izay notanterahina tao amin' ny FLM Vondrozo sy ny KMSL – 142 ho tanterahina any Fianarantsoa ny 22-28 Oktobra 2019.

1. FANATANTERAHANA NY FANAPAHAN-KEVITRY NY KMSL

Tanteraka ny 29 Mey – 05 Jona 2019 ny KMSL -141,izay natao tao amin'ny FLM - Vondrozo, Renivohitry ny Fileovana Vondrozo sady Renivohitry Synodam-Paritany Ambodiharan'ny Vondrozo SPAV. Notanterahana tao anatin' izany ny fanokanana ny SPAV ny Alahady 02 Jona 2019.Tsy nanatrika feno ny fivoriana noho ny iraka sy famangiana natao tany amin' ny FLME. Nitsahatra ny asan' ny Vaomiera mandinika ny Fitsipika Manan-kery, izay tarihin' ny ato amin' ny Sekretariat Jeneraly noho ny fandaminana vaovao nataon' ny KMSL - 141 izay nivory tao Vondrozo. Indro atolotra ny KMSL faha 142 izay mivory eto Ivory Avaratra ny Tatitry ny asan' ny Tonia FLM.

2. FANARAHA-MASO NY SAMPAN-DRAHARAHA SYTANTSOROKA NATAO

Ny 06- 07 Mey 2019 Monitoring AFAAF. Dinidinika nifanaovana tamin' ny mpiara-miasa.Tsy tanteraka ny famangiana sites noho ny fikatonan' ny lalana Croisement Lokomby.

Ny 20- 23 Mey 2019 AFA Nord: natao tao Ambondromamy sy Mahajanga, 21 Mey 2019 K.N AFA Nord ka ny 22 May restitution Base line, 23 May Lancement Asa amin' ny Faritra Soalala

3. FIVORIANA NATREHINA SY NOTARIHINA

23-25 Avrily 2019 : Fanokafana KSPAtsim tao amin'ny FLM Alarobia Renivohitry ny Fileovana Manandriana SPAtsim. Ny 30 Mey nitarika ny fanokafana ny Jobilin' ny Pastora Randriandrina Joelson Filoha SPAtsim.

26 -27 Avrily 2019 : Nanatrika KSPAnta tao amin' ny FLM 67 Ha. Tao anatin' izany koa no nanaovana ny Faratampon'ny Jobilin'i Pastora Dr Razafindrakoto Georges, Filoha SPAnta.

05 Mey 2019 : Jobily faha 20 taona FLM Tanjombato Fileovana Anosibe /SPAnta sy ny faha 20 taona Ordinasiona Pastora, Dr Rakotozafy Denis.

8 Mey 2019 : Fanokafana ny fivorian'ny KSPAts. Tampony Jobily Filoha Lefitry ny FLM sady Filoha SPAts Pastora Andrianjafy Octave Benil.

10 Mey 2019:Nanatrika ny KSPAf izay notanterahina tao amin' ny FLM Masombahoaka.

11-12 Mey 2019: Fanokafana Jobily Tonia FLM natao tao amin' ny FLM Masombahoaka FLM sy ny FLM Vavahadin' ny Lanitra Ivory Avaratra.

06 Jona 2019: Nodimandry tany amin' ny Hopitaly Sedan tany Frantsa ny Pastora Andrianarijaona Germain, Tonian'ny FIFIL. Io koa no fotoana efa voatondro niangana avy aty Madagasikara hanatanterahana famangiana tany amin' ny FLME.

07-08Jona 2019. Fahatongavana tany Frantsa. Fandraisana famangiana fahoriana, amin' ny Anaran' ny Fianakavian' ny Pastora Andrianarijaona Germain sy ny FLM, tao amin' ny Toby Pouru St Remi.

09 Jona 2019.Fitarihana fotoam-pvavahana, Alitara sy toriteny, Alahadin' ny Pentekosta, tao amin' ny FLM, Toby Pouru St Remi.

15-16 Jona 2019: Isan-3 volan' ny Fileovana Marseilles natao tao amin' ny FLM Montpellier. Tao anatin' izany no nanatanterahan' ny Fileovana Marseille ny Jobilin' ny Tonian' ny FLM mivady.

22-23, Jona 2019: Jobily Tonian' ny FLM notanterahin' ny Fileovana Iles de France tao amin' ny FLM Mallakof.

29-30 Jona 2019: Jobily Tonian' ny FLM notanterahin' ny Fileovana Paris tao amin' ny FLM Paris.

06-07 Jolay 2019: Jobilin' ny Tonian' ny FLM notanterahin' ny Fileovana Strasbourg tao Strasbourg.

09-14 Jolay 2019: Isan-taona Toby Pouru St Remi notanterahina tao amin' ny Fiangonana KatolikaViroflay.

10 Jolay 2019: Fotoam-pivavahana fanaovam-beloma ny vata-mangatsiaka Pastora Andrianarijaona Germain tao amin' ny Chapelle Morgue Sedan.

13 Jolay, 2019: Jobily Tonian' ny FLM notanterahin' ny FIFIL/FLME tao amin' ny Toby Pouru St Remi.

14 Jolay 2019: Faratampony Isan-taona Toby Pouru St Remi. Fanokanana mpiomana mpiandry miisa 13 mianadahy mianaka.

20-21 Jolay 2019: Famoahana mpianatra SALT. Jobilin-dRtoa Maka Jeanne, vady navelan' ny Pastora, Dr Maka Charles Mpampianatra SALT.

29/Jolay – 02 Aogositra 2019: Isan-taona Tobilehibe Ankaramalaza. 01 Aogositra 2019: Toriteny avy ao amin' ny I Kor.5:6-8. Ny 02 Aogositra 2019: Fanokanana mpiandry.

07-11Aogositra 2019.Isan-taona faha IV notanterahin' ny SPAtsim tao amin' ny FLM Sarina Renivohitry ny Fileovana Fihasinana. Faneva Rom.8:13b.Tao anatin' izany no nanatanterahan' ny SPAtsim nyJobily Tonian' ny FLM,.

24-25 Aogositra 2019.Isan-taonaTobilehibe Farihimena.Fanokanana Mpiandry

23-29 Aogositra 2019.Isan-taona SPAFI. Ivon' nyJobily Filoha SPAFI

11-14 Septambra 2019. Famangiana ny FLME ao La Reunion.

12 Septambra 2019.Dinidinika niarahana tamin' ny Kristiana (FLM St Denis, syny FLM St Paul) tao anatin' ny fiaraha-misakafo.

13 Septambra 2019 Fivoriana miaraka tamin' ny Komity iombonana FLM St Denis syny FLM St Paul.

14 Septambra 2019: Tsodranom-Panambadian-ndRtoa Monique sy Pastora Maminjanahary tao St Paul La Reunion.

13-18 Sptambra 2019 Isan-taonaTobilehibe Soatanana.

21-28 Septambra 2019 Isan-Taona Toby Fiadelfia Andranoraikitra. FamaranaJobily Filoha SPAFi.

4. FAMPIOFANANA SY ATRIKASA NATAO.

14-17 Mey 2019:Atrikasa sy fiofanana, niarahana tamin' ny "Miara-mianatra"tao amin' ny SHALOM Mahajanga. Fitandremam-panana (Stewardship) sy Ady amin' ny Kolikoly. Niara-nanatanteraka ny fiofanana ny tarika avy ao amin' ny Foibe BIANCO Mahajanga.

03 Jona 2019: Fandraisana anjara fampianarana notanterahina nandritry ny fivorian' ny KMSL 141 natao tao amin' ny FLM Vondrozo. Fampianarana nentina nanazavana ny amin' ny" Ireo Lova Litorjika harena hampiasain' ny FLM".Noresahina koa ny amin' ny" MahaApostolika ny FLM.

15Jona 2019: Fampiofanana Mpiandry nandritry ny Isan-telo-volan' ny Fileovana Marseille natao tao Montpellier. Fampianarana niompana tamin' ny lohateny: " Ny maha Apostolika ny Fiangonana Loterana Malagasy".

29 Jona 2019: Fampiofanana sy fampianarana natao tao amin' ny Fileovana Paris. Fampianarana miompana amin' ny Lohateny: " Ny maha Apostolika ny Fiangonana Loterana Malagasy".

06 Jolay 2019: Fampiofanana sy fampianarana tao amin' ny Fileovana Strasbourg miompana amin' ny Lohateny hoe: "Ny fiainana ny maha Fiangonana Apostolika amin' izao andro ankehitriny izao."

11 Jolay 2019: Fampianarana nandritry ny Isan-taonan' ny Toby Pouru St Remi. Lohateny nampianarina: " Ny fahefana avy amin' Andriamanitra araka ny Romana 13:11-14"

12 Jolay 2019: Fampianarana mandritry ny Isan-taona Toby Pouru St Remi. Lohateny ny fampianarana" Ny fifandraisan' ny fitondram-Piangonana sy ny fitondram-panjakana araka ny Art.28 Konfesiona Aogostana sy ny Romana.13:1-2 ary ny Apokalipsy.13

22 Jolay 2019.Fihaonana tamin' ny Birao SPAf nijery ny raharaha SALFA: Pharmacie CHU Tambohobe, HopitalyLoterana Ivory

14 Jolay 2019: Isan-taona Toby Pouru St Remi. Toriteny " Fa miova amin' ny fanavaozana ny saina hamantaranareo ny Sitrapon' Andriamanitra" (Rom.12:12b).

09 Aogositra 2019: Dinidinika niarahana tamin' ny mpiasa ao amin' ny SPAtsim. Lohateny niompanan' ny dinidinika: " Firaisan-kinan' ny mpiasa ao amin' ny Synodam-paritany Atsimonimania.

20-23Aogositra: Fivorian' ny Birao Foibe FLM miaraka amin' nyFilohan' ny Synodam-Paritany. Atrikasa momba ny PNFD notanterahina tao amin' ny Toeram-pivoriana CNAPS taoVontovorona.

09-10 Septambra 2019.Atrikasa nokarakarain' ny Fiombonan' ny Fiangonana Loterana Eran-tany (FFLET) notanterahina tao Isoraka. Sehatry ny fifanatonan'ny samy hafa finoana (Dialogue Inter-Religion/ Dialogue Inter Faith) ka ny Pentekotista no niara-nidinika tamin' ny Loterana.

5. FANAMARIHANA MOMBA OLANA AMIN' NY FANATANTERAHANA NY ASA

Olana lehibe ny tsy fisian' ny vola ho entina manatanteraka ny asa, na dia fantatra tokoa fa betsaka ireo olona sy fikambanana ananan' ny FLM vola. Heverina fa tandrify ny hanaovana fandaminana ny amin' ny fitakiana ireo vola ireo.

Natsahatry ny Sailor Society ny famatsiana ara-bola ny AMLT. Marihina fa tsy misy taratasy voasoratra momba ny fiaraha-miasa eo amin' ny FLM amin' ny alalan' ny AMLT sy ny Sailor Society. Tsy sarotra tamin' ny Sailor Society ny nandray izany fanapahan-kevitra izany samy irery.

Ety am-pamaranana dia mbola averina indray ny faneva izay ifikirana amin' ny fanatanterahana ny asa manao hoe:

"KristyJesosy fanantenantsika ITim.1:1b)

Ny Tonian'ny Fiangonana Loterana Malagasy

Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donné

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY (F.L.M.)
(EGLISE LUTHERIENNE MALAGASY - MALAGASY LUTHERAN CHURCH - GASSIK LUTHERSK KIRKE)
NY SYNODA LEHIBE (S.L.)
(Le Synode Général - The General Synod - General Synoden)
NY TONIA LEFITRA - LE VICE SECRETAIRE GENERAL - THE VICE GENERAL SECRETARY
Jesosy irery ihany

19, Rue Jules Pochard
IMMEUBLE SALFA - ANDOHALO
B.P.: 1741 - 101 Antananarivo
Madagascar

Tél. mobile : 034 83 197 49
034 36 722 64

E-mail : toromarec@gmail.com
BNI Analakely Antananarivo
N° 01031 003 8 020 000
N° 01026 835 4 020 000

TATITRY NY TONIA LEFITRY NY FIANGONANA LOTERANA MALAGASY ATOLOTRA NY KMSL FAHA – 142 MIVORY AO AMIN'NY FLM IVORY AVARATRA, VAVAHADIN' NY LANITRA, SYNODAM-PARITANY AFOVOANY 23-28 Oktobra 2019

Teny faneva: " Fa efa nanisy soa ahy Andrimanitra ka manam-be aho" Gen 33:11b

Ny fahasoavan 'Andriamanitra no fototry nananan' i Jakoba ny zavatra rehetra fa na dia niolakolaka sy fetsy aza izy teo amin' ny fiainany dia niantra sy namindra fo taminy Andriamanitra. Ny mino izay matoky an' Andriamanitra tsy diso anjara amin' ny fiainany.

TENY FAMPIDIRANA

Am-pifaliana no anolorana antsika mpiara-miasa ny Tatitra Moraly manandrify ny andraikitra napetraky ny FLM, tatitry ny asa sy ny fiainan'ny FLM, taorian'ny KMSL-141 tany vondrozo, hatramin'izao KMSL-142 atao eto FLM Ivory Avaratra izao.
Taorian' ny KMSL vondrozo, teny an-dalana anelanelan' ny Ambohimahasoa sy Ambositra no nandrenesana ny fahafatesan' ny Pastora ANDRINARIJAONA Germain, Tonia FIFIL ny 6 jona 2019. Nivarahontsana ny rehetra raha nandre io vaovao io kanefa tsy maintsy manaiky ny fitondran 'Andriamanitra moa isika. Samy nikely aina ny maro ny amin' ny fitsenana ny nofo mangatsiaka sy fandevenana tany Ankaramalaza ny 19 jona 2019. Ny Tompo anie hampionona sy hanome izay mpanompo hanohy ny asa.

I.FANATANTERAHANA NY FANAPAHAN-KEVITRY NY KMSL

Isaorana ny Tompo fa tanteraka ny fanokanana ny Synodam-paritany Ambodiharan 'i Vondrozo ny tamin' ny vanim-potoan 'ny KMSL 141. Zavatra maromaro no notapahin' ny KMSL fa izay nisongadina indrindra dia ireto:

- **Synodam-paritany**

- Noraisina daholo ny tatitry ny Synodam-paritany
- Lasa 347 ny fileovana ato amin' ny FLM niampy 16 fileovana vaovao tamin' ny KMSL141 lasa teo.
- Ny fizakan-tenan' ny FLM (firosoana amin' ny kitapo iombonana, fananganana departementa momba ny fitantanana olona sy fananana ato amin' ny FLM, fanangonana rakitra isam-piangonana, fandraisana anjara avy sampam-pikambanana sy ny sampan-draharaha, hanao latsakemboka ny kristianina, ary famoriam-bola)
  Fanatanterahana: Tsy mbola nisy fivoriana nandinika momba io fizakan-tena io taorian 'ny KMSL 141. Hevitra tsara io fa aoka ho tanterahina mba tsy ho hevitra

voaraikitra anaty boky ihany.

Ny SALFA manerana ny FLM dia nanao ranolava nanangona izay tratry izay tratry ny heriny namonjena ny Foibe FLM izay efa tsy afaka nampandray karama ny mpiasany.

Ny sampana SALOMA, ary ny FBL nanao rakitra ho an 'ny foibe FLM koa tamin' ny Zaikabeny. Misaotra azy ireo isika.

- **Ny Fananganana ny Oniverisite Martin Lotera**

Fanatanterahana: Ny 22 septambra 2019 no fanokafana ofisialy io Oniverisite io izay natao tao amin' ny FLM Ivory Avaratra sady famoahana ny mpianatra SALT. Izany dia notarihin' ny Filohan' ny FLM sy ny filohan' ny Oniverisite Martin Lotera ny profesora RAPELANORO Rabenja Fahafahantsoa

- **Ny sampana**: Noraisina ny tatitry ny sampana afa tsy ny sampana roa izay tsy nahavita dia FKTLM connect project iarahana amin' ny fifanakalozana Norveziana sy ny FSFLM.

- Ny FKTLM connect dia vita fitsirihana ny 23 Aogositra 2019 ka amin' izao no anolorana ny tatitra ho antsika.
- Nanapaka koa ny KMSL fa nohon' ny tsy fahavitan' ny FSFLM tatitra ara-bola efa misesisesy dia naniraka ny Foibe FLM sy ny Mpandini-bola ny KMSL 141 mba hijery io akaiky indrindra ny tetikasa niarahana FFLET.
- **Fanatanterahana:** Nifandinika tamin' ny mpandibola FLM, ny Tonia lefitra izay solontena'ny Birao Foibe ka mba ho fitsimbinana ireo sampana dia hampiarahina amin' ny fitsirihana izay efa hatao eto Antananarivo an 'ny FKTLM sy FSFLM. Ny nalefa ny taratasy email, hafatra amin 'ny finday sy Facebook. Tsy nisy vokany na nahazoana valiny avy amin' ny Tonia FSFLM. Ny filoha no namaly sy nanome daty hafa izay tsy mety mpandinibola ary hiteraka fiakaran 'ny fiantohana. Tsy nipoitra tamin' ny daty nifanarahana ry zareo. Nisy fitsirihana ny nataon 'ny mpandinibola KMSL koa tao amin' ny TPFLM dia nampahatsiaro indray ny mpandinibola. Nanoratara mailaka, hafatra amin' ny finday ary Facebook nyTonia lefitra fa tsy nisy vokany. Ny antony nanaovana ireo fifandraisana ireo sao ny iray aminy mba ho azon' ny Tonia FSFLM. Tamin' ny KNFDL izay natao tany Mahajanga dia nifankahita tamin' ny Tonia FSFLM ny Tonia lefitra ary nifampiresaka momba ny tatitra.
- Tamin' ny isan-taonan' ny Toby Betela dia nifankahita tamin' ny Filoha lefitra SPBM ny Tonia lefitra ka no nanararaotana io fotoana io nifampiresahana amin' ny maha zanaky SPBM azy mba hifampiresaka aminy ka hamita ny fandnihana ny bokim-bola ny 23 Aogositra 2019. Tsy nisy vokany daholo ireo. Ny antony dia tsy fantatro na niova finday ny Tonia na tsy mampiasa mailaka sy FB intsony. Na tsy mampiasa anefa izay niangavy an-Rtoa Brunah matetika aho hampita ny hafatra. Hoy ny fiteny any aminay any atsimo ***"lany ty haiko".*** Ny KMSL 136 no nifidy ny Tonia FSFLM araka izany atolotra anareo KMSL izay fahefana ny momba ny tonia FSFLM, efa nihady manodidina nasisy zezika ny Foibe FLM fa lany haika. Mangataka sy miangavy indrindra ny KMSL hijery izao toe-javatra izao fa na ny zaikabe FSFLM dia nakisaka satria tsy rey be tsy rey kely ny Tonia. Ny komity mpanomana ny zaikabe tany Ihosy dia nanao taratasy tany filoha FLM mba hampihemorana ny Zaikabe fa tsy nisy fanomanana nohon' ny fifandraisana tsy tomombana.

- **Ny sampan-draharaha:** tsy nahavita tatitra ny SALFA, AMLT tany KMSL faha -141

Fanatanterahana:

-SALFA foibe: Vita ny Fitsirihana ny fitantanana ara-bola ary efa nandalo KM /SALFA inoana fa hatao tatitra eto

-Ny AMLT: Amin' izao KMSL faha-142 no hijeren 'ny mpandinibola KMSL ny tatitra sy ny fanitsiana nataon' ny KM.

- Fandrindrana: Voaray avokoa ny tatitry ny fandrindrana afa-tsy SMT

Fanatanterahana: Ny KMSL faha-142 nametraka hitondran'ny SMT ny tatitra ara-bola izay tsy vitany. Rehefa nantsoina ny Mpandrindra ny SMT dia nilaza fa tsy mbola ny vita tatitra. Noho izany dia tandrify raha izy no hanazava izany amintsika tahaka an 'ny FSFLM. Miangavy antsika KMSL mba hijery akaiky ireo tatitra tsy vita fa vola iarahana amin' ny misiona ny nampiasaina (ELCA).

- **Tatitra jobily faha-150 taonan' ny FLM sy ny faha-500 n 'ny Reformasiona:**

Efa ho roa taona izay ny nankalazana ny jobily fa ny vidin 'ny entana sasany izay novokarina mbola miparitaka any amintsika SP sasantsasany sy olona samihafa ary mbola misy tsy lafo koa.Toy izao ny fanampahan-kevitry ny vaomieran' ny vola jobily : Ny faran 'ny volana Novambra no fanefana ny vola rehetra trosa ka ny KMSL 143 anaovana tatitra rehefa nandalo fitsirihan 'ny mpandini-bola FLM.

Tsara ny mampahatsiaro antsika fa telo ireo tsangambato notapahatsika dia ny fanatsarana ny stasiona FLM Imasombahoaka, toerana Ambohitsimanova ary ny fanorenana ny Foibe FLM ao Isoraka. Samy mbola tsy nisy nanomboka ireo na ny iray.

- **Vaomiera mandinika ny Laàm-panorenana:** Natsangana tamin' ny KMSL 138 tany Betafo ity vaomiera ity, efa imbetsaka nivory ny vaomiera ka nisy dingana vita tamin' ny asa. Ny fanampahan-kevitry ny KMSL140 tany Ambatofinandrahana anefa dia nanampy ny mambra vaomiera: Birao Foibe 5, filohan' ny SP 4, loholona 4 ary mpahay lalana 4 (droit public, droit privee). Niato aloha ny asa satria ny tsy manambola ho entina mampivory Foibe FLM. Tsy nisy fivoriana taorian 'ny KMSL vondrozo. Ny fotoana anefa mandroso ihany. Ny mampanahy dia sao tsy voatolotra ara-potoana ny asa ho dinihin' ny KMSL sy ny KSL.

Isaorana ny fanasana an 'Atoa RAZAKAMANATSOA hanazava eto amin 'izao KMSL izao. Ny Lalampanorenantsika FLM dia tsy ara-dalana eo anatrehan' ny fanjakana fa tsy nahazoana "recepisse" tamin' ny fametrahana ny Lalampanorenana tany amin' ny fanjakana. Noho izany mbola ilay tamin' ny voalohany indrindra ihany no manankery.

- **Momba ny Foibe FLM:**

-Ny alahadin' ny Foibe FLM dia saika hadinon 'ny maro alefa ny sms ny taratasy fa tsy dia ahitana vokatra firy ity misy sary entintsika maneho izany: ny FLM Esingo ao amin' ny SPAA dia izay misy mpandray Fanasan 'ny Tompo:40 ny rakitra nataony: 27.700 ar, FLM Ivato SPAnta izay misy kristianina 2000 kosa dia 25.300 ar no nataony . Raha atao kajy tsotsotra io kristiana 2000 dia nanao rakitra 12,65 ar. Ny FLM esingo 692.5 ar ny Kristina iray. Raha namangy io fiangonana io aho dia hita fa vehivavy mpitondratena ny ankamaroany ary tena kely io fiangonana io manao fanorenana fiangonana ihanykoa ry zareo kanefa nanao araka ny heriny izy. Inona no ambaran io sary io amintsika mambra KMSL? Na izany aza dia Isaorana ireo fiangonana izay nanolotra. Manentana antsika re mba hahatsiaro ny Foibe FLM amin' ny vavaka sy ny rakitra.

-Mihasarotra ny olana ara-bola ao amin' ny Foibe FLM amin' izao. Efa zary fiainana ao ny tsy mahazo karama ara-potoana. Nanapa-kevita hitaky trosan 'ny FLM ny Birao Foibe FLM: Select Hotel 100. 000ar mahery, Mr Fienena Richard :114. 000 000ar, Mr

RATOVONDRAHONA 350 .000. 000 Ariary, ary Maloci 80.000. 000 Ar..Mino aho fa ny tatitry ny Mpitahirivola no hilaza antsipiriany ny momba izany

II.FANARAHAMASO NY SAMPAM-PIKAMBANANA SY TANTSOROKA NATAO.

- **VATSIM-PIANARANA:**

Ireo mpianatra nahazo vatsim-pianarana:

ARO SANDANIANINA Mamy Brunah, (SPBM) dia nahazo vatsim-pianarana avy amin' ny LWF izay mianatra ao ao amin' ny SALT. Nisy olana kely amin' ny LWF ny fanomezana ny vatsim-pianarana satria vaovao ny mpiandraikitra ao dia mahita ry zareo fa tsy mitovy ny tetibola ny mpianatra avy aty amin' ny SALT sy ny an dRtoa Brunah fa ambony lavitra ny vatsim-pianaran' ny mpianatra 10 izay angatahan' ny SALT ny vatsim-pianaran'ny Rtoa Brunah. Eo anatrehan' izany dia lasa misy fifampiresahana sy fifanakalozana lava be eo amin' ny tompon' andraikitra sy ny filoha FLM ary ny SALT. Mino aho fa na ny fidiran 'ny Rtoa Brunah mianatra any amin' ny SALT dia misy fahatarana be .

VEROMANITRA Frankline, (SPAF) mianatra anglisy eto antoerana Antananarivo.Ny sekoly izay nianarany tamin' ny voalohany dia nialany fa nifindra sekoly hafa izay tsy nisy fifampierana. Nanao fanamarihana ny tompon 'andraikitra ny vatsim-pianarana avy amin ny ELCA naneho fa tsy nanaja ny fifanekena ny FLM satria raha misy fiovan-kevitra eny an-dalana dia mila mifampiresaka.

Past HORIPA Parouse Georges, (SPA) manao Master any amin' ny Luther seminary mivoaka amin'ny 2020 (ELCA).

Rtoa MANDA Emeralda ANDRIMBOAVONJY, SPAVA Master 2 Défap sy ny CoLuRéOum any Frantsa fiaraha -miasa SALT/ Montpelier. Manakaiky ny hamarana izy fa nisy fijanonana kely nohon' ny fiterahana taty Madagasikara.

Past VALISOA (SPAM) mbola mianatra any Frankfurt

Past Hery Andry Ranaivoson avy amin 'ny SALT dia mbola mamita ny fianarany any seminera ' ELCA ao Chicago, Isaorana ny ELCA fa mba afaka namangy azy tany ny vadiny tamin' ity taona ity.

- **Ireto ireo mpianatra efa nahavita ny fianarany:**

STHELA HOLLY Hanitrinirina izay nanao Bachelor in Arts Social work (SPAnta) mivoaka amin' ny 2019 (ELCA) fa raha ny fahalalako avy dia
mbola tsy niverina aty Madagasikara izy nae fa vita ny fianarany.

Rtoa RAZAFIARISOA, Norolala manao master (SPAnta) any Amerika efa nivoaka. Isaorana izy fa efa nody aty Madagasikara ary efa niara-nivory tamin' ny vehivavy Teolojiana tany Zaikaben' ny FBL natao tany Manakara. Ny SPAnta izay synodam-paritany niaviany no iangaviana mba hanolotra asa tandrify ny fahaizany. Ny zavatra hita dia ity ny tovovavy tsy manambady dia toa tsy dia miraika amin' ny fiverenana hody fa te hanohy sy hipetraka any Amerika foana hita izany Rtoakely Sedera, sthella. S

Past FRACISCO Sabotsy, manao Master tany Stavangerary avy amin' ny SPAVA efa nivoaka fa tsy fantatro na aiza izy amin' izao inoana fa niverina any synoda niaviany izy.

Ny fangatahana vatsim-pianarana mankany amin' ny ELCA sy ny LWF dia nisy fanovana nanomboka tamin' ny taona lasa fa ny mpianatra tsirairay dia mameno ny azy "en ligne". Tena misedra fahasarotana ny mpianatra na amin' ny famenoana ny "application" Ankoatry fahasarotana amin' ny fitadiavan'ny mpianatra ny sekoly tandrify azy amin' ny "internet" dia miandry fotoana farany izy vao mameno. Indrindray na ny zavatra hianarany tsy fantany akory.

Napetraka tamin' ny Foibe FLM ny tetibolan 'ny vaomieran' ny vatsim-pianarana koa satria sahirana ara-bola ny Foibe FLM dia tsy misy ho enti -manana koa vaomieran' ny vatsim-pianarana. Tany KMSL Ambatofinandrahana no niangaviana ny SP, sampana hananana vaomiera momba ny vatsim-pianarana. Ny asan'ireo olona ireo dia hijery akaiky momba laharam-pahamehan'ny SP na ny sampana, hatreto dia sy mbola misy anarana natolotra aty aminay na iray aza

Tsy sasatra aho mamerina eto foana ity olana ity sahirana izahay rehefa mameno ny taratasy fangatahana vatsim-pianarana eo amin'ny ELCA na FFLET ny tsy fananantsika "Policy Guidline for human resource / capacity development". Ny fananana ireo no ahafahana mijery akaiky momba ny mpiasa handeha hisotro ronono, fanomanana "releve". Miangavy ity fivoriana ity raha azo atao mba hijery akaiky momba izany

Dimy ny mpianatra nameno fangatahana vatsimpianarana mankany LWF, 6 ny nankany ELCA.Andrasana amin' ny finoana ny ho valin 'izany.

▪

FAMANGIANA:

SALOMA:

Isaorana ny Tompo Jesosy fa vita soa ny zaikabe nasionalin 'ny SALOMA ny 2 -6 oktobra 2019 izay natao tany amin' ny FLM Ivory Avaratra Fianarantsoa

.

-FKTLM:

. **Fiaraha- miasa amin' ny NMS :**

- **Tetikasa**

Efa vita fitsirihana na sehatry FLM na ny" audit externe"

Hivory any Addis Ababa ny mpandrindra sy ny Tonia FKTLM ary ny Tonia lefitra ny 25-29 Novambra 2019. Efa lasa tamin' ny vola Aogositra koa ny tanora Malagasy manao fifanakalozana iray taona any Norvege: RASAHINIRINA Vololomboahangy SPAtsim, RASOANANTENAINAVasilamana, SPA, FetyMarina Zafitsara, SPBM, RAFANOMEZANTSOA Aubin Charlandelin, SPBM, velomana Jean Yannick, SPFT voatery naverina any Norvege io noho ny antony ara-pahasalamana.

Efa tonga koa ireo tanora norveziana 6. Ireto no SP handray azy ireo (SPBM, SPAnta ary SPMA) fa mbola mianatra teny Malagasy ao Antsirabe. Ny avy ELCA dia 8 fa lasa 7 fa nody ny iray fa tsy tamana, tany vohipeno no nadefasana io nody io. Ny SP nandray azy ireo dia SPBM, SPAnta (Tanjombato), SALT, SPTM SPAts, SPFA Manao asa antsitrapo aty amintsika izy ireo

FIFIL: Nodimandry Pastora ANDRIANARIJAONA Germain, Tonia Nasionaly FIFIL araka izany rehefa nivory ny KN FIFIL dia ny filoha FIFIL nasionaly past RANDRIANTSARAFARA Gaston no hiandraikitra ny asa. Natao tany Vangaindrano ny KNFIFIL taorin'ny isankeritaona Ankaramalaza farany teo notarihin' ny Filoha FLM.

FDL: Isaorana ny Tompo fa tanteraka soa ama-tsara ny komity Nasionalin' ny FDL izay ho tanterahina tamin'ny 02- 4 jolay 2019 any Mahajanga SPBM. Nanao komity no sady niofana ny KNFDL.

FBL: Nahavita ny zaikabe faha-16 ny FBL nifamotoana tany Manakara ny 7-13 oktobra 2019. Ity zaikabe anisan 'ny nahavory maro ny mpiazaika fa 26.860 no isan 'ny mpizaika voasoratra anarana. Nisy zavatra nampalahelo ihany fa ny 4 ny maty tamin' ny dia hamonjy zaikabe. Jesosy no hanasitrana ny fo maratra rehetra. Nisy FBL avy amin' ny

SPFT nihinana trondro narary mafy fa isaorana fa voavonjy ihany ny aina.

Momba ny Vehivavy Teolojiana: Fotoana niavaka amin' ny vehivavy teolojiana ny Zaikabe faha -16 fa sady niofanana no nanokanana ny fanamian 'ny vehivavy Teolojiana. Ny akanjo ihany no natokana fa tsy olona araka ny fanambarann' ny Filoha FLM. Misaotra ny KMSL nanome ny fanamiana ny vehivavy teolojiana matoky izahay manana anareo mba hijery ny fiainan' ny vehivavy Teolojiana. Misaotra ihany ko any miara-mianatra sy Mird program nanampy tamin' ny fampiofanana ny vehivavy teolojiana ny fananana tanjona sy ny fananganana tetikasa. Koa rehafa tsy mankany amin' ny Alitara ny vehivavy dia hanao ny asa fandraharahana hampandroso ny olona rehetra sy ny olona manontolo.

Momba ny Ilofav:

Manomboka miverina amin' ny laonany tsikelikely ny ilofav.tsy mbola manana tale ny ILOFAV fa ny Tonia FBL no mitantana ny asa aloha.

VLM: Isaorana ny Tompo fa hanomboka tsy ho ela ko ny zaikabe n' ny VLM, 16-20 Oktobra 2019 ao Antsirabe, SPAM. Fotoana lehibe tokoa io fa sady Zaikabe no fankalazana Jobily faha-50 taona ny VLM Nasionaly.
FDFLM: Nahavita ny Zaikabeny ny FD/FLM, zaikabe voalohany natao ny: 25-29 Septambra 2019 ao amin'ny kianja maitson' ny SPAM. Araka ny fantatra dia any ho any 8000 ny isan 'ny mpizaika. Azo lazaina fa betsaka izany raha ny Zaikabe voalohany no mahavory olona tahaka izany

FSFLM: tsy tanteraka amin' ity taona ity ny zaikaben' ny FSFLM noho ny tsy fahatomomban ny fiomanana na teo anivon' ny birao Nasionaly na ny komity tany an-toerana. Mangataka izao KMSL izao ny hijery ny daty hanaovana izany amin' ny avy rehefa manana volavola ny KN. Momba ny tatitra ny nampiasana ny 1500 Euro sy ny 5000 tsy mbola nahazoan tatitra hatreto araka ny efa nolazaina tery ambony.

Ny fivoriam-piangonana dia maro, ny zaikabe dia saika isan-kerindrano amn' ity taona ity, ny SP efa tsy lazaina, vola be amin' ny lavitrisa no lany, fotoana, hery. Raha jerena ny tombokandron' ny fivoriana fiangonana dia efa saika tsy misy fotoana hamokaran' ny olona amin' ny asany andavanadro .Ny zava-misy be ny famonjena fivoriana fa ny kristianina dia tsy mahavita ny adidiny ary mitombo lavitra ny faharatsiana ary toy kolikoly , fahantrana. Ny fanontaniana mipetraka mampitombo ny aim-panahin' ny olona ve ny famonjena fivoriana sa fizahan-tany ara-pivavahana. Anjarantsika mpitarika ny fiangonana no mijery sy mandrefy ny fiainam-panahin' ny olona izay tandremantsika sy izay tokony hataon' ny fiangonana momba izany.

III.FIVORIANA NATREHINA SY NOTARIHINA:

- 20-21 Jona 2019, fandehanana tany Spats niaraka filoha FLM sy solontena filoha

SP nandamina ny SPAts. Antenaina fa milamina tsara ny fiainan' ny Synoda amin' izao,

- -23 jona 2019, fitarihana ny fankasitrahana an' Atoa Stephan mivady, SMT tao amin' ny FLM Ambohimena
- 24 Jona 2019, fidinana tany Toamasina fandaminana momba ny tany ampisaina eo anivon 'ny FFPM niarahan amin' ny Foibe FFPM sy ireo mpitarika Loterana sy FJKM any an-toerana
- 27-30 Jona 2019: Famangiana niaraka amin' ny Dan mission sy ny talen' ny FAFITO tany amin' ny SPAA nijery nitetikasa izay niarahana tamin' ny Danmission. Ny fiompiana akoho dia tena nahomby indrindra fa ny fambolena tsy dia nahitam-bokatra noho ny haintany afa-tsy ireo toeran mando sy akaiky renirano. Mahavelom-panantenana ity tetikasa ity fa nanampy ny vahoaka indrindra fa ny vehivavy.
- 2 Jolay 2019, fanaovana "assessment "niaraka amin' ny CBM momba ny FLM sy tanjany ary ireo zavatra mila hatsaraina amin' ny fiaraha- miasa.
- -3-4 jolay 2019, Nitarika ny KNFDL sy nampiofana Ny andraikitry ny lehilahy @ tontolo misy azy tarafina amin' ny Soratra Masina
- 6 jolay 2019, Famangiana ny Hopitaly Loterana Antanimalandy
- 6 Jolay tolakndro fitsidihana ny SEMAA sy fiaraha -mifampizara amin' ny talen' ny sekoly.
- 7 jolay nanatrika Jobily past Clovis tao FLM tsaramandroso Mahajanga.
- 11Jolay 2019 Fanatrehana komity teknika SALFA
- 21 jolay 2019 Famoahana mpianatra tao amin' ny SALT
- 24 jolay 2019 -Fanatrehana KM MIRD Toliara nytao amin' ny foibe SPFT. Nisy fotoana koa namangiana ny "site sy fanokafana ny toerana hiasan'ny Mird any Manombo andraike. Mahaliana sy tokony hianarana eo amin' ny MIRD ny fomba fiasa niainga fanadihadiana any ifotony vao izay manao ny tetikasa hiarahana amin' ny vahoaka. Miainga amin' ny hetahetan' ny vahoaka. Ny MAFA no tena miasa mafy any ary mirindra tsara ny asan 'ny Fanilo sy n y asan 'ny Mird araka ny fahitana azy tamin' ny famangiana.

- -25- 27 Jolay 2019: Famangiana niaraka solontena ELCA 3 namangy SPFA, SPAA, SPBA ary SPFT. Ny anton' ny famangiana dia fijerena any ifotony ny fivoaran 'ny zava -misy any an-toerana Te- hanao tetikasa 3 taona ho entina miady amin' ny kere izy ireo Ny tanjona dia ho fisorohana ny kere miverimberina.
- 30 jolay -2 Aogositra 2019: Famonjena isan-keritaona Ankaramalaza
- 8-15 Aogositra 2019: Famonjena isan-keritaona any Toby Betela Marovoay
- 14-17 Septambra 2019: Fitarihana komitin' ny Jobilin' ny Tonia FLM mivady sy fanatrehana ny isan-taona sy ny Jobilin' ny 125 Toby Soatanana. Nahafinaritra ny famangiana fa nisy dinika tamin' ireo Fifohazam-panahy soatanana avaratra mitondra ny anarana hoe fifohazana niandoha tamin' ny Ambatoreny mba hihevitra ny fifanantonana sy ny fifamelan-keloka satria ny tanjona ny mba haha iray ny mpino kristianina. Fantatra anefa fa asa tsy dia mora atao izy io
- 14 oktobra 2019, nosokafana tao Andohalo ny jobily faha -40 Salfa ny ary ho faranana eny FLM 67 Ha, ny 20 Oktobra 2019.

FFPM: Miezaka mivory isam-potoana ny biraon' ny KP ary amin ity 19-24 Novambra 2019 dia hanatanteraka fivoriam-be faha -17 any Toliara. Ny hampiavaka ity fivoriana ity dia misy fotoana atokana ho an 'ny pastora sy ny mpitadrina mba hifankalala sy ny hampisy ny fiombonana bebekokoa eo samy mpitarikaity.

Komity Jobily Tonia FLM: Mivory isam-potoana ny Komity Jobily avyamin' ny Foibe sy ny SPAF hentina manomana ny Jobilin' ny Tonia FLM mivady: ireto no atao ho fanamarihana izany famokarana Polo, porte clé, fizarana valopy ary ny fanaovana firatazana (fanolorana fanomezana).

.

IV- FAMANGIANA:

Tsy nisy famangiana Synodam-paritany ny Tonia Lefitry FLM ny taona 2019 noho ny fahasahirana ara-bola lalina ao amin' ny Foibe FLM. asa birao no saika niandraiketana eny hatramin' ny dia tokony haleha dia nisy najanona mihitsy. Ho fitsitsiana mifandamina ny foibe izay solontena amin' ny zaikabe ohatra ny zaikaben' ny SALOMA dia ny filoha ihany no nanokatra sy namarana ny fotoana. Isaorana ny fandrindrana sy ny Tonia FLM izay nanampy tamin' ny fivezevezena amin' ny asa nohn' ny fahasimban' ny fiara efa 10 volana izao any atsimo tamin' ny famonjena ny isan-taonan' ny fifohazana no nahasimba ny fiara. Mandeha taxi brousse indraindray rehefa misy ny handehanana

Namangy antsika ekipa LWF sy ny Pentekotista tonga nivory tao Isoraka ny 6-12 Septambra 2019. Niara- nivavaka tao Antsahamintra tamin' ny isan-taonan' ny SPANTA Nahavaky vava ny vahiny ny fandraisantsika FLM azy ireo. Isaorana eto isika SP, sampana, ary fandrindrana nandray anjara fikarakarana na ny ara-bola tamin' ny fandraisam-bahiny.

V- FAMPIOFANANA SY ATRIKASA NATAO:

ny2-4 Jolay 2019 Ny fampiofanana tany KNFDL izay natao tao amin' ny Foiben' ny Shalom Mahajanga 2019.

11-12 septambra 2019, dia fanatrehana ny atrikasa fampiofanana momba "conflict awerness "niarahana NMS.9-12 Oktobra 2019, niarahana tamin' ny vehivavy teolojiana tany Manakara

Jesosy irery ihany

Natao teto Antananarivo, anio 15 Oktobra 2019

Ny Tonia Lefitry ny Fiangonana Loterana Malagasy



Rtoa MANANATO Toromaree

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY (FLM)
(EGLISE LUTHERIENNE MALAGASY - MALAGASY LUTHERAN CHURCH - GASSIK LUTHERSK KIRKE)
NY SYNODA LEHIBE (S.L.)
(Le Synode Général - The General Synod - General Synoden)
NY MPITAHIRIVOLA - LE TRESORIER - THE TREASURER

IMMEUBLE SALFA ANDOHALO
B.P. 1741 - (101) Antananarivo
Madagascar

Tél. : 032 11 422 03 - 034 05 046 58
E-mail : jeaniahiniriko@yahoo.fr

BNI Analakely Antananarivo
N° 01 031 003 8 020 0 00
01 026 835 4 020 0 00

TATITRA AVY AMIN'NY MPITAHIRIVOLAN'NY F.L.M.
ATOLOTRA NY KOMITY MPIANDRAIKITRY NY SYNODA LEHIBE FAHA – 142
MIVORY ETO AMIN'NY FLM IVORY AVARATRA S.P.Af NY 22 – 27 OKTOBRA 2019

« …fa efa nanisy soa ahy Andriamanitra, ka manam-be aho » : Gen.33 : 11b

« … Kristy Jesosy fanantenantsika ». I Tim1 : 1b / Jobilin'ny Tonia FLM

Fotoan-dehibe roa sosona no hatrehantsika eto Fianarantsoa amin'izao K.M.S.L. faha-142 izao. Andaniny ny fandinihan-draharaha K.M.S.L. izay efa fomba fiasa mahazatra antsika, ary ankilany kosa ny fankalazan-tsika ny Jobilin'ny Ray aman-dreny Tonia FLM mivady . Koa miarahaba antsika rehetra no mirary soa, mba ahatontosana antsakany sy andavany izao adidy masina atrehantsika eto izao.

Ankoatra ireo fivoriana samihafa fanao (Birao Foibe FLM, Sampandraharaha sy Sampam-pikambanana , mpiara-miasa vahiny) dia misy ihany koa ny fandaminana ny raharaha ato amin'ny FLM, indrindra ny ara-bola izay iandraiketana.

- *Fiara Filoha FLM* : Araka ny fanapahan-kevitry ny K.M.S.L . faha – 140 (SPAtsim) dia efa tonga ny fiara izay novidian'ny F.L.M. hampiasan'ny Filoha, mbola misy ny ampaham-bola tsy voaloa.

- *Momba ny fitakiana trosa* : efa miroso ny fitakiana ireo volan'ny FLM, misy ny komisiona manokana (cabinet) miandraikitra izany. Antenaina ny ahazoana vokatra.

- *Audit externe* : Toy ny efa fanaontsika hatrany dia andalam-pamaranana ny fandiniham-bola ivelany (Audit externe), izany dia ho fangaraharana amin'ny fitantanana.

- *19 – 23 Aogositra* : Fivorian'ny Birao Foibe FLM niaraka tamin'ny Filoha Synodam-Paritany sy ireo Teknisiana FLM nandinihana mikasika ny PNFD (Planina Stratejika FLM) sy ny fanatsarana ny fandrotsahana adidy ho fampandehanan-draharaha Foibe FLM, izay natao teny Vontovorona Antananarivo.

- *07 – 13 Septambra 2019* : fandraisana ireo vahiny LWF / FFLET / Pantekotista , fisaorana lehibe no atolotra anareo rehetra tamin'ny fanampiana ara-pitaovana sy ara-bola ka nahatanterahana izany fandraisam-bahiny izany.

- *Fandrotsahana adidy* : Ankasitrahana ianareo Synodam-Paritany, Sampan-draharaha, Sampam-pikambanana, SALFA Foibe sy ireo Departemanta ao aminy tamin'ny adidy fanohanana ny Foibe FLM,…Ezaka lehibe no nataonareo ho fanohanana ny asan'ny Foibe FLM ka nahafahana namita ny ampahany amin'ny fampandehanan-draharaha.

Jesosy Tompon'ny asan-tsika hamaly fitia anareo.
Entanina hatrany ireo ampahany vitsivitsy tsy mbola nandefa ny adidiny mba hamita izany .

- *Alahady trinité 2019* : Isika KMSL no nanapaka ny Alahady trinité ho alahadin'ny Foibe FLM koa mameri-teny izahay raha mampahatsiahy indray izany ankehitriny. Hita fa vitsy ny Fiangonana mandrotsaka izany rakitra tamin'ny Alahadin'ny trinité izany aty amin'ny Foibe FLM. Marihina fa efa nisy taratasy nalefanay isaky ny Synodam-Paritany mampahatsiahy izany.

Eto ampamaranana dia ampitiavana no ilazanay fa mila mitombo amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny adidy iombonana isika FLM, na ho an'ny eto an-toerana izany na indrindra koa amin'ny fiaraha-miasan-tsika any ivelany.

Ho an' Andriamanitra irery ny voninahitra

Ny Mpitahirivola FLM.



LAHINIRIKO Jean

Andohalo faha – 03 Oktobra 2019

IREO FANAPAHAN-KEVITRA SAMIHAFA

TATITRY NY BIRAO FOIBE FLM

Nametraham-Panontaniana ireo Tatitra avy amin'ny Birao Foibe FLM

- Avy amin'ny Filohan'ny FLM ..... Past Dr RAKOTONIRINA David,
- Avy amin'ny Tonian'ny FLM …….. Past RANDRIANIRINA Dieu Donne
- Avy amin'ny Tonia Lefitra FLM ……. Rtoa Teol. MANANATO Toromaree
- Avy amin'ny Mpitahirivola FLM ……. Atoa LAHINIRIKO Jean

☞ ***Fanapahan-kevitra KMSL-142*** :Nankatoavina ary noraisina ireo Tatitra avy amin'ny Birao Foibe FLM.

FIZARANA FILEOVANA :

A. SPBA :

⇒ Fileovana Betioky hizara roa :
Fileovana Nialana: Fitandremana Betoiky, Fitandremana Ambatry, Fitandremana Belo, Fitandremana Ankazomanga.
Fileovana Vaovao: Fitandremana Fenoarivo, Fitandremana Beavoha, Fitandremana Bezaha, Mahafaly.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

B. SPBM :

⇒ Fileovana Maevatanana hizara roa :
Fileovana Nialana: Fitandremana Maevatanana, Fitandremana Antanimbary, Fitandremana Antsiafabositra.
Fileovana Vaovao: Fitandremana Mahazomà, Fitandremana Kandreo, Fitandremana Bemokotra.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

C. SPMel :

⇒ Fileovana Maintirano hizara roa;

Fileovana Nialana: Fitandremana Katedraly Maintirano, Fitandremana Ambarijeby Andrea, Fitandremana Ambalahonko.
Fileovana Vaovao: Fitandremana Filadelfia Maintirano, Fitandremana Ampasimandroro, Fitandremana Mandrevomby.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

⇒ Fileovana Antsalova hizara roa.

Fileovana Nialana: Fitandremana Antsalova renivohitra, Fitandremana Soahany, Fitandremana Bemonto.
Fileovana Vaovao: Fitandremana Masoarivo renivohitra, Fitandremana Bemamba Toby, Fitandremana Befaroratsy.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

D. SPAvA :

⇒ Fileovana Vohemar hizara roa;

Fileovana Nialana: Vohemar, Andrafainkona
Fileovana Vaovao: Ampanefena, Antsirabe-Nord, Befiana.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

CODE DE CONDUITE:

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** :Jerena ny efa nataon'ny SALT sy ny Miara-Mianatra ka hamoahana FITSIPIKA iray ho an'ny FLM manontolo. Ilay avy tamin'ny SALT dia mahakasika ny fijangajangana sy ny fomba fitafy, ary ny avy tamin'ny Miara-Mianatra dia mahakasika ny kolikoly. Apetraka amin'ny komisionan'ny lalana sy fitsipika no handravona azy.

FIARAHA-MIASA AMIN'NY LCMS

Efa nodinihina hatramin'ny KMSL 139 tany Mahajanga ny fiaraha-miasa amin'ny LCMS.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Alefa any amin'ny Synodam-Paritany aloha ity, ka amoahan'ny Synodam-Paritany rehetra ny heviny. Izany hoe hanao taratasy ny Birao foibe ho any amin'ny Synodam-Paritany ary hamaly izany an-tsoratra ny rehetra.

FIARAHA-MIASA AMIN'NY FOMM

Fiaraha-miasa Friends Of Madagascar Mission: FOMM. Izy ireo dia Misionery na taranaky ny misionery na ny sakaizan'ny Misionery taty Madagasikara. Efa manao asa maro misandrahaka manerana ny FLM. Izany hoe mila fankatoavana amintsika mba ho ofisialy ny fiaraha-miasa amin'izy ireo, ary hisy soratra mitoetra mahakasika izany.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Toy ny teo aloha ihany dia alefa any amin'ny Synodam-Paritany aloha ity, ka amoahan'ny Synodam-Paritany rehetra ny heviny. Izany hoe hanao taratasy ny Birao Foibe ho any amin'ny Synodam-Paritany ary hamaly izany an-tsoratra ny rehetra.

MOMBA NY LALAM-PANORENANA FLM, FITSIPIKA MANANKERY ARY NY FITSIPIKA ANATY

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA ny hiasan'ny vaomiera handinika sy hanolotra volavolam-panitsiana sy fanatsarana ny LALAM-PANORENANA sy ny FITSIPIKA MANANKERY ary ny FITSIPIKA ANATINY. Koa apetraka amin'ny commission lalam-panorenana sy fitsipika ny mandrafitra an'ireo vao haroso ho dinihin'ny KMSL faha 143

RESSOURCES HUMAINE.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA ny hisian'ny pandraharaha momba ny RESSOURCES HUMAINE ao amin'ny Foibe FLM. Ny Birao Foibe FLM no mandamina ny fiantsoana sy ny fanendrena ny olona hiandraikitra izany.

ENDRIKA FIARAHA-MIASA FLM AMIN'NY MISIONERANA

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Atsangana ny voamiera handinika ny text momba ity fifanaraham-piaraha-miasa ity. Ireto avy ny mambran'ny vaomiera:

- Ny mambran'ny Birao Foibe,
- Ny mpandrindra ny Miara-Mianatra,
- Ny mpandrindra ny MIRD,
- Ny mpandrindra ny Empower,
- Pastora Dr Razafindrakoto Georges (filohan'ny SPAnta),
- Pastora Ratefiarivony Jacques Audace.
- Atoa Razakamanantsoa
- Atoa Razafimahaleo Andriamasitera, DAFPP

IELR NA NY FIANGONANA LOTERANA MAHALEOTENA AO RWANDA.

Nahatonga fangatahana mba ho fiangonana rahavavy ny IELR ka efa nampitainy aty ny Lalam-panorenany mba ho dinihintsika.

- ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA ara-potokevitra fa apetraka amin'ny birao foibe ny hanadihady ifotony momba ny endriky ny fiaraha-miasa izay tiany hatao.

ARO FENITRA (PROTOCOLE)

Efa misotro ronono Atoa René. Mila olona hiandraikitra ny arofenitra anefa isika ao amin'ny Foibe FLM, koa tsara ny hananantsika izany.

- ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA ny hananantsika olona hiandraikitra ny arofenitra, ary ny Birao Foibe no hanendry izay olona tandrify izany. Ary tokony hisy fampiofanana isan-tSynoda mba samy hanana ny azy ny Synoda tsirairay

FAMPIASANA NY ROBE ALB :

Momba ny fampiasana Robe Alb ato amin'ny FLM, izay tsy mifanaraka tamin'ny fanapahan-kevitry ny KMSL 141. (Boky tatitra P. 40a1, Lah).

- ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Ny Vehivavy Teolojiana aloha no manao ny Robe Alb miaraka amin'ny fehin-kibo araka ny fanapahan-kevitry ny KMSL 141 tany Vondrozo. Ny KSL ihany no tompon'ny teny farany amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny akanjo pastoraly ho an'ny Pastora.

LALAM-PANORENANA FFPM,

- ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Ambenana tsara ny teboka rehetra mikasika fanitsiana ny lalam-panorenana indrindra mahakasika ny fananana iombonana. Hajaina ny maha izy azy ny FLM sy ny FJKM. Tsy misy Tafika Masina iombonana atao, fa samy manao ny azy. Ao amin'ny lalam-panorenana dia:

    - Andininy faha 2: EKENA ny fanatsarana : « raha ilaina »
    - Andininy faha 5: ESORINA ilay anaty fonosana « tahaka ny misy ao amin'ny FFKM »
    - Andininy faha 13: EKENA ny fanatsarana
    - Andininy faha 14: EKENA ny fanatsarana
    - Andininy faha 38: EKENA ny fanatsarana
    - Soson-kevitra BMF: Hazonina ny fanavaozana ny mandat ho 12 taona fa rehefa tapitra ny mandat amin'izao io vao ampiharina izany.
    - AVERINA amin'ny FFPM ny fanana rehetra izay misoratra amin'ny FLM sy FJKM;
    - Mila hentitra isika amin'ny Fivoriambe izay hatao any Toliara satria haseho ny tantara rehetra mirakitra ny olona sy ny fananana;

KARATRY NY VITA BATISA FFKM,

Momba ny hisian'ny karatra Batisa/Batemy iombonana FFKM.

- ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA ara-potokevitra fa mbola hieritreritra ny FLM;

FANATSARANA NY ZAIKABE :

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Araka izao manaraka izao ny fahatsarana ny zaikabe :

- Atao isaky ny 4 taona ny zaikabe,
- Sampana 2 ihany no manatanteraka zaika amin'ny iray taona
- Tsy ampandraisana anjara momba ny Jiro, Rano, ary ny trano ny mpizaika, fa anjaran'ny SP mpandray vahiny.
- Anjaran'ny Sampana ny fanamafisam-peo sy ny tranoeva
- Anjaran'ny SP ny saran'ny tsena,
- Misy hatrany ny rakitry ny mpandray vahiny
- Amin'ny SP handray ny zaikabe no hanaovana ny Komity Nasionaly

Ireto ny SP mahazaka Zaikaben'ny FBL, FIFIL, SALOMA, mba hahazoana misafidy ny toerana: **SPFT, SPAF, SPAnta, SPA, SPBM, SPTm, SPMa, SPAM, SPM, SPFa, SPAFi, SPATS.**

Fitsinjarana ny taona, Sampana, SP hanaovana Zaikabe :

TAONA	SAMPANA	SP
2020	FSFLM	SPH
2020	FDL	SPFT
2021	FiFiL	SPMa
2021	FKTLM	SPBM
2022	SALOMA	SPM
2022	FBL	SPFT
2023	VLM	SPAnta
2023	FDFLM	SPBM

BOKY LESONA SY NY FANEVA 2020 :

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Boky lesona: II Korintiana,
Hira lesona. (halefan'ny Birao Foibe amin'ny manaraka)

MOMBANY TONIAN'NY FS-FLM :

Raharaha manokana mahakasika ny Tonia Nasionalin'ny FS-FLM. (Tatitry ny Filoha FLM, P.11.1, sy ny Tonia Lefitra, P. 12a.6).

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Efa nampijanona tena izy ka dia ajanona tsy ho Tonia FSFLM intsony. Ny Foibe FLM sy ny KN FSFLM no mitady izay fomba hitakiana ny vola any amin' Atoa TSIKETA BRUNAUD JEAN de DIEU dit JAMOKA.

FIAHIANA NY VEHIVAVY TEOLOJIANA

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Mila manao lahateny momba ity ny Vehivavy Teolojiana mba ho dinihina amin'ny KMSL 143 ao Antananarivo

MOMBA NY FIARAHA MIASAN'NY SP SY NY TOBILEHIBE :

KNFiFiL : Lahateny avy amin'ny Filoha Nasionalin'ny FiFiL - Lah. 47.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** :

- Hatao ahoana ny fitantanana ny TOBY?
- An'iza ny TOBY?
- Raha an'ny FLM ny TOBY dia mirafitra amin'ny rafitra aiza?
- Matetika heverin'ny maro ho teorana ananan'ny Kristiana tsirairay zo ny TOBY
- Fanapahan-kevitra:
- Tsy maintsy mirafitra amin'ny ambaratonga rehetra satria an'ny FLM ny TOBY REHETRA.
- Averina amin'ny maha FLM azy ny Tobilehibe,
- An'ny FLM ny Tobilehibe,
- Ny SP misy ny Tobilehibe no tompon'andraikitra voalohany amin'ny Tobilehibe ao aminy,
- Mpikambana avy hatrany ao amin'ny KM Tobilehibe ny Filoha SP, ny Tonia FIFIL SP, ny Mpitondra Fileovana ary ny Mpitondra Fitandremana misy ilay Tobilehibe,
- Asaina hanatrika KMSL ny Ray Amandrenin'ny Tobilehibe, vahiny asaina fa tsy manangan- tanana ary ny Toby no miantoka azy.
- Hamafisina ny fanajana ny andron'ny Tobilehibe.

TATITRY NY SYNODAM-PARITANY

Ny Vaomieran'ny Fiangonana no nampiandreketana ny fandinihana ny Tatitry ny Synodam-Paritany rehetra. Tsy tratra anefa izany noho ny fahateren'ny fotoana.

☞ ***Fanapahan-kevitra KMSL-142*** : Raisina ny Tatitry ny Synodam-Paritany rehetra.

FANENDRENA AN'I PASTORA RANDRIANIRINA DIEU DONNE, HO MPAMPIANATRA AN-TSELIKA AO AMIN'NY SALT/OML.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Tendrena I Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donné ho mpanao conference amin'ny fotoana anaovana conference fa tsy ho Mpampianatra an-tselika ao amin'ny SALT/OML.

Tsy voatery ho SALT ihany no hanaovany conference fa na STPL na Toby sns ka ny mpanafatra no miantoka azy amin'izany.

MPIANATRA MAHAVITA FIANARANA ANY IVELANY TSY METY MODY:

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Ny KMSL dia maniraka ny birao foibe hanoratra any amin'ny ELCA ka hanambara fa tokony hody izy ireo fa vita ny fianarany, tapitra ny fotoana nifanarahana hipetrahany any ary ankinina amin'ny birao foibe ny mikasika izany. Omena copie ny interessé sy ny commission de bourse,

SATA FDL FLM

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Esorina ny anaran-tanàna sy ny boite postale ary ny code postal. Ekena ny sata FDL.

TATITRY NY SAMPAM-PIKAMBANANA

Ny Vaomieran'ny Fitsipika no nandinika ny Tatitra avy amin'ny Sampam-Pikambanana

☞ ***Fanapahan-kevitra KMSL-142*** : Nahatonga tatitra daholo ny sampana afa-tsy ny FSFLM irery ihany, samy misy en tête sy sonia daholo ireo tatitra ireo araky ny toro-marika efa tapaka, afa-tsy ny an' ny VLM izay tsy misy tampon. Momba ny foiben-toeran' ny FKTLM izay tsy ahofa amin' ny Sinoa intsony : aoka ho tanterahin' ny Foibe FLM izany fanapahan-kevitry ny KMSL-138 tany Betafo izany. RAISINA NY TATITRA.

SOFATAL/EXPLOITATION FLM :

Fangatahana hivarotra ireo tany misy olana ao Toliara : - Fanantenana TN° 802-CJ, - Soanierana TN° 793-CJ, hamahana ny olan'ny Kolejy, (Boky tatitra), ary tanim-panjakana mifandray amin'ny Ankadirano TN° 1152-CJ ao Tanambao Toliara (SPFT),

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Ekena ny fivarotana ny tany ho fanatsarana ny tontolon'ny kolejy loterana ao toliara, ary atao manaraka ny principe.

FANGATAHANA TSODRANO :

– FOFOMA **: Fangatahana tsodrano hivarotra fiara, (Boky tatitra P.59, Lah.1)**

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA, ary manao tatitra rehefa lafo

– FOFAMA : Fangatahana tsodrano hankalaza Jobily, (Boky tatitra P. 59, Lah.2)

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA, ny fangatahana tsodrano hankalaza jobily faha 70 taona FOFAMA; sy ny faha 35 taona AKAMA

– FOIBE FBL : Fangatahana hanao Jobily faha 35 niasana an-dRtoa RAHELIARISOA Jeannette, Mpiandraikitra ny Gazety Diadema amin'ny Janoary na Febroary 2020.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

MOMBA NY ALAHADIN'NY SAMPANA NATIONALY

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** :

- Atambatra ho iray ny alahadin'ny sampam-pikambanana,
- Atambatra ho iray koa ny alahadin'ny sampandraharaha,
- Apetraka amin'ny Foibe ny fanendrena ny daty,
- Iray ny alahadin'ny Foibe,
- Manomboka ny taona 2021 izany,
- Apetraka amin'ny fizakantena ny fanaraha-maso.

FANATANTERAHANA KNFDL ANY MORONDAVA 2020

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Ny KN sampam-Pikambanana dia tsy mandalo amin'ny KMSL, ka averina any amin'ny KN ity.

SAILOR SOCIETY : MOMBA NY FITANTANAM-BOLAN'NY AMLT

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Ankinina amin'ny Komity Mpitantan'ny AMLT io.

MOMBA NY FIZAKANTENAN'NY FLM

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** :

- Ekena ny fehinkevitra teny votovorona
- Ananganana commission handinika momba ny fomba fanatanterahana azy
- Aravona miaraka amin'ireo volavolan-kevitra momba ny Fizakantena efa natao tany aloha io,
- Apetraka ho andraikitry ny Birao Foibe sy ny FANILO ny fandrindrana ny fampiharana azy

FANGATAHANA VATSIM-PIANARANA (BOURSES) :

Avy amin'ny SPN :

- Atoa TAMINJANAHARY Miandry Avotra Fleuris Desiré, hianatra momba ny Filozofia any ivelany**.**

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

- Atoa RAMANANTSALAMA Jean Baptiste, handalina teny Anglisy any ivelany.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

- Atoa RANDRIANTODY Léonore, hanao Lycence amin'ny fitantanana (Gestion).

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

Avy amin'ny SPAnta :

- Teolojiana RANDRIAMAMPIANINA Norolala; hianatra hanao Doctorat en Théolojie any ivelany, (Boky tatitra P. 37 Lah.1)

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

- Atoa MANANDRAISOA Noêlson, Mpianatra Master 1 SALT : Mangataka hanoy fianarana any ivelany hanao Master sy Doctorat.

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

- Rtoa RANDRIAMAMPIANINA Norolala, mangataka hanangana tetik'asa, (Boky tatitra P. Lah.37.2 à 37.6)

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

Avy amin'ny SPAM :

- MAMPIONONA Razafinjato**,**

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

- ANDRAINJAFIMALALA Tsimbaory Lala Harimino,

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

FANGATAHANA HO FARITRA IASAN'NY MIARA-MIANATRA AMIN'NY DINGANA FAHAROA AO AMIN'NY SPATS

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : EKENA

FANDINIHANA NY TATITRY NY SAMPAN-DRAHARAHA :

SALT: Raisina ny tatitra, miampy ireto fanamarihana ireto

- Tsy voasonia ny tatitra ary tsy misy fitomboka
- Tsy Fanevan'ny KMSL ny faneva
- Latsaka ilay fanapahan-kevitry ny KMSALT fa hatao Jobily ny Doyen amin'ny taona 2020
- Amporisihina ny synoda tsirairay hanampy ny mpianatra avy ao aminy

TMM

- Tsy Fanevan'ny KMSL ny faneva
- Raisina ny tatitra miaraka amin'izao fanamarihana izao
- Iangaviana ny TMM mba hamoaka statistika feno avy amin'ny SP 25

SHALOM : Raisina ny tatitra miaraka amin'izao fanamarihana izao:

- Tsy misy sonia sy fitomboka ny tatitra
- Aoka ny zavatra takian'ny lohahevitra ao amin'ny canevas no atolotra ao amin'ny tatitra

SFM : Raisina ny tatitra miaraka amin'izao fanamarihana izao:

- Tsy fanevan'ny KMSL ny faneva
- Madinika loatra ny soratra (Calibri Police 12 no tokony hampiasaina)
- Ny FFL no tokony ho nanao tatitra

SALFA : Raisina ny tatitra miaraka amin'izao fanamarihana izao:

- Madinika loatra ny soratra
- Ovaina ny Fitomboky ny SALFA mba ho fitomboka amantarana ny maha Loterana
  - **FLF :** Raisina ny tatitra
  - **TPFLM:** Raisina miaraka amin'ny fankasitrahana ny tatitra
  - **FOFAJA :** Raisina ny tatitra.
  - **FOFAMA :** Raisina ny tatitra miaraka amin'izao fanamarihana izao:
- Kely ny soratra.
- Iangaviana ny KM FoFaMa mba hijery ny amin'ny mpampianatra ho releves
  - **FAFITO : Raisina ny tatitra**
  - **AMLT : Raisina ny tatitra.**
  - **SB Amboaloboka : Andrasana amin'ny KMSL manaraka ny tatitry ny SB Amboaloboka.**

FIFIDIANANA TALEN'NY FFL :

Lasa nisotro ronono ny tonian'ny FFL, Rtoa JENO koa ity KMSL ity no hifidy izay ho solony. Efa misy dossiers-ny Kàndida voaray. Koa naroso ny latsabato araka izao manaraka izao :

N	ANARANA	VATO
1	Pastora RAKOTOARISOA A. Harifetra	21
2	Rtoa MAROVAVY Florette	69
	Fotsy	0
	Maty	0
	TOTALINY	90

☞ ***Fanapahan-kevitry ny KMSL-142*** : Lany ho talen'ny FFL Rtoa MAROVAVY Florette

Nisy ny fisaorana sy fandraisain-tanana an-dRtoa Jeno ISABELLE, Tale Nasionaly FFL izay nisotro ronono tamin'ny 31 Mey 2019 sy Atoa RAKOTONIAINA René, Mpandraharaha Foibe, izay nisotro ronono tamin'ny 30 Jona 2019, izay no tarihin'ny Filohan'ny FLM sy ireo mambra ny Birao Foibe.

Nisy koa ny fiarahaba natao tamin'ireo izay handimby azy ireo :
Rtoa MAROVAVY Florette, izay voafidy ho Tale Nasionalin'ny FFL sy Rtoa RAHARIMALALA Emilienne, Mpitantsoratry ny Filoha FLM teo aloha ary amin'izao dia notendrena ho Mpandraharahan'ny Foibe FLM nanomboka ny 1 Aprily 2019.
Nanao teny fisaorana nisolotena ireo olona natao veloma sy ireo noarahabaina Atoa Rakotoniaina René.

Tonga teo amin'ny fandraisam-pitenenana : ireto avy ireo nifandimby nandray fitenenana tamin'izany :
- Ny Filohan'ny SPAF
- Ny FFPM – FFKM
- Ny solontenam-Panjakana tany an-toerana izay notarihin'ny Governoran'ny Haute Matsiatra
- Ny Birao Foibe, Filohan'ny FLM
- Namarana ny fandraisam-pitenenana ny natao Jobily, dia ny Tonian'ny FLM, Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donné.
- Nitondra ny hafatry ny KMSL : ny Mpitahirivolan'ny FLM, Atoa LAHINIRIKO Jean

Ny votoatin'ny hafatra :

1. Kristiana iray mitarika jentilisa iray na kristian aefa mangatsiaka iray.
2. Krisitiana iray tokony hanana Baiboly iray
3. Ilaina ny fahazotoana mamaky Baiboly manomboka ao amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalipsy ao anatain'ny taona iray.
4. Fananana iombonan'ny krsitiana ny tanin'ny FLM ka tsy azo atakalo na hamidy raha tsy efa nahazoana alalana tamin'ny KSL
5. Entanina ny SP, Fileovanaan, Fitandremana hamaritra tany vaovao k any SP iray dia tokony hanana tany 100Ha farahafakeliny
6. Momba ny tontolo iainana : kristiana iray mamboly hazo iray ary raha mikapa hazo iray dia tokony hamboly hazo roa, mikolokolo izany hazo izany.
7. Tsangam-baton'ny Jobily faha 150 taona ny FLM sy faha 500 taonan'ny Fiangonana Loterana eran-tany ny hanorina trano Foibe FLM ao Isoraka ka sady Birao no trano fonenana.

8. Ireo adidin'ny FLM eto an-toerana sy any ivelany, kitapo iombonana, fizakan-tena ny FLM dia manana :
   - Fiangonana : 9000
   - Fitandremana : 1 500
   - Fileovana : 352
   - Synoda : 25
   - Pastora : 1500
   - Teolojiana : 300

Herin'ny FLM ny fanana ireo voatanisa eo ambony ireo ka hanomboka hizakatena isika FLM ka hametraka kitapo iombonana ao amin'ny Fiangonana – Fitandremana – Fileovana –Synodam Paritany ka alefa any amin'ny Foibe FLM. Amin'izay dia io vola ao amin'ny kitapo iombonana io no hanaramana ny mpiasam-piangonana ka tsy hisy ny himenomenona raha misy Pastora alefa any ambanivohitra.

KSL 2020 : Hatao any amin'ny SPBM ny 23 – 30 Septambra 2020 ny fanavaozana ny mambra ny Birao Foibe na ny KSL. Efa samy nahavita ny azy ny SP rehetra dia izay hanatrika ny KSL ka hisy izay ho mambra KMSL manaraka.

Ny KMSL 144 : no hifidy ny Tale sy Tonia Nasionaly.

Hatao ao amin'ny SPAnta ny KMSL 143 sady famaranana ny Jobily Fankasitrana ny Tonian'ny FLM, Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donné mivady.

Taorian'izay rehetra izay dia nisy ny fanolorana Doplaoma ireo SP nahavita adidy sy ireo Fiangonan-dehibe ary ny SALFA.

NY KMSL faha – 142
Natao tany amin'ny Synodam-Paritany Afovoany
FLM Vavahadin'ny Lanitra Ivory Avaratra ny 22 - 27 Oktobra 2020

Ny Tonian'ny FLM — Ny Filohan'ny FLM



Pastora RANDRIANIRINA Dieu Donné — Pastora Dr RAKOTONIRINA David